



**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**VOLAVOLAN-KITSIVOLANA LAHARANA FAHA 2019-XXX**  
**MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY**  
**FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA**  
**HO AMIN'NY TAONA 2019**



**PROJET D'ORDONNANCE N°2019-XXX**  
**PORTANT LOI DE FINANCES RECTIFICATIVE**  
**POUR 2019**

**VOLAVOLAN-KITSIVOLANA LAHARANA FAHA 2019-XXX  
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY  
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA  
HO AMIN'NY TAONA 2019**



## **VOLAVOLAN-KITSIVOLANA LAHARANA FAHA 2019-XXX MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA HO AMIN'NY TAONA 2019**



### **FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Taorian'ny fahavitan'ny fifidianana Filoham-pirenena ny volana Desambra 2018 sy ny fitsanganan'ny Governemanta vaovao dia nofaritan'ny Filoham-pirenena ny Politika ankapoben'ny Fanjakàna vaovao (PGE). Ny Lalàna mifehy ny fitantanambolam-panjakàna 2019 dia tokony ovaina araka izany. Ny tetika ampiharana io PGE voalaza io dia natolotra hodinihan'ny Parlemanta ny volana Febroary 2019 izay mametraka ireo asa laharampahamehana ho tanterahan'ny Governemanta.

Araka izany dia tsapa fa tsy azo iodivirana ny fanitsiana ny Tetibolam-panjakàna ho an'ny taona 2019, ary tokony handray ireo fitodika sy fitsipika vaovao ho arahana, indrindra eo anivon'ireo Ministera sy Andrim-panjakàna, izay maro no niharan'ny fanakambanana asa. Ity Lalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakàna nasiam-panitsiana ity dia nolania teo anivon'ny Filankevitry ny Minisitra tamin'ny datin'ny 15 Mey 2019, araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faharoa –andalana faha-5 ao amin'ny Lalàna fehizoro mitondra ny laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny Lalàna mifehy ny fitantanambolam-panjakàna izay manambara fa: “Afa-tsy ireo tranga tena tsy azo ialàna ary tena maika, ny Lalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakàna nasiam-panitsiana dia tokony apetraka ho laniana mandritra ny enimbolana faharoan'ny taona”.

Ny Fanjakàna tsara tantana dia eo anivon'ny asa ataon'ny Fitondram-panjakàna sy ny Governemanta. Ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia hingaina manokana amin'ny alalan'ny politika fametrahana tetibola eny ifotony manaraka ny fanomezana fahalalahana eo amin'ireo hetsika ho an'ny fampandrosoana. Ankoatra izany, ny fanamafisana ny “e-gouvernance” sy ny fialana amin'ny fampiasana antontan-taratasy, ny fanamafisana ny fandriam-pahalemana sy ady atao amin'ny kolikoly dia anisan'ireo laharam-pahamehan'ny Governemanta ho an'ny taona 2019. Mirazotra amin'izany, ny fanamafisana ny loharanon-karena mifototra amin'ny olona, indrindra irao tanora, ny fanomezana lanja ny tontolo iainana sy ireo loharanon-karena natoraly dia hitoetra eo anivon'ny zavatra tena ho sahanin'ny Fanjakàna izay mikendry ny fampiroboroana ny fampandrosoana maharitra amin'ny alalan'ny fitomboan'ny harikarena iaraha-misalahy kokoa, araka izay voafaritry ao anatin'ny tondro zotran'ny Tanjon'ny Fampandrosoana Lovain-jafy (ODD). Ny fampiroboroana ireo “Indostria maitso” sy manenika ny firenena,

izay hery lehibe manosika ny fampandrosoana, dia atao etsy andaniny, amin'ny alalan'ny fanohanana ny fampanarahana fenitra ny famokarana eo amin'ireo orinasa efa mitsangana mba hanatsarana ny hery entina miatrika fifaninanana iraisam-pirenena, ary etsy ankilany ny fampihenana ny tahan'ny tsy fananana asa mifanaraka amin'ny fianarana norantovana izay manome tombony ho an'ireo tanora.

Ity fanitsiana ny Lalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakàna 2019 ity dia niainga ihany koa avy amin'ny ilana ny fametrahana ireo lamin'asa vaovao eo anivon'ny Governemanta, izay mikendry ny fampihenana ireo fampiasana antontan-taratasy sy fotoana maro amin'ny fikarakaràna taratasim-panjakàna, amin'ny alalan'ireo hetsika fanavaozana ahafahana manafaingana ny fanatanterahana ireo Fandaharanasa Fampiasam-bolam-panjakana (FFBP) amin'ny ankapobeny.

Manoloana ireo fanovana sy fanavaozana natao ireo, dia hita fa feno ireo fepetra ahafahana mametraka an'i Madagasikara eo amin'ny lalan'ny fahamafisan'ny fitomboan'ny harikarena. Ilay « hafainganam-pandeha » izay tena andrandrain'ny ankamaroan'ny vahoaka izay manantena fampandrosoana ny lafiny maha-olona sy ara-toekarena ahitam-bokany eo amin'ny fiainan'ny isam-batan'olona sy isan-tokantrano dia afaka apetraka amin'izay. Eo amin'ny seha-panjakàna, ireo Ministera sy Andrim-panjakàna dia hanaraka io hafainganam-pandeha io, ary ireo faharisarisana hatrizay dia hovaina hanjary tohana lehibe hanome tombony ireo mpisitrika ny asan'izy ireo (mpandraharaha ara-toekarena, ireo tantsaha, ireo vehivavy, ireo tanora, ireo olona misy fahasembanana, sns.), amin'ny alalan'ireo fepetra sy ireo fanapahan-kevitra raisina entina ametrhana tontolo madio, mari-toerana, azo itokisana ary miray tendro amin'ny fisandratana ny firenena. Ireo fanovana ny fizarana ny tetibola dia atao araka izany eo amin'ireo iraka sy ireo fandaharanasan'ireo Andrim-panjakàna sy Ministera, mba hampitoviana ny tadin-dokanga azy amin'ireo zavatra takian'ny Fampanandrosoana.

Eo amin'ny fotoana ivo ezaka, ny fisandratana dia handalo amin'ny fanovana ireo rafitra sy fampanarahana toetrandro haingana ireo sehatra rehetra, na seha-panjakàna na ny sehatra tsy miankina. Mba ho fanatanterahana izany, ny Govenemanta dia hanampy ireo seha-pamokarana amin'ny alalan'ireo tetikasa fampiasam-bolam-panjakàna vaovao atao laharam-pahamehana izay ahafahana manamora ny fanatanterahana io finiavana hampandroso io. Io ainga io dia hahazo tohana ihany koa avy amin'ireo Mpiaramiombona antoka ara-teknika sy ara-bola. Eo amin'ny fotoana fohy ezaka dia vokatry haingana no andrasana ary tokony ho tanterahana mba hiatrehana ireo toe-javatra ilàna fanairana momba ny fahantrana sy ny tsy fahampiana, izay mahalasa takalon'aina ny fahatsaram-piainan'ny mponina. Hetsika ara-tsosialy maro no heverina atao mba hamaliana ireo filàna ireo ary tetikasa maro no hitondra avo ny ambom-pom-pirenena Malagasy mankany amin'ny fisandratana, noho ny fanavaozana ny politika izay nataon'ny Filoham-pirenena.

## **I- FIRONANA ANKAPOBENY**

### ***Fisandratana mifanindran-dalana amin'ny fitazomana ireo fifandanjàna lehibe***

Ho an'ny taona 2019 sy amin'ny fotoana ivo ezaka, ny fisandratana'ny firenena dia handalo amin'ny fivelaran'ny fampiasam-bola, na eo amin'ny seha-panjakàna na eo amin'ny sehatra tsy miankina. Araka izany, sehatra sasan-tsasany eo amin'ny toekarena no hahazo vokatra tena misongadina mandritra ireo vanim-potoana ireo, izay hanampy amin'ny fanatsaràna ny tontolo iainana andavanandro sy ny vola miditra amin'ny vahoaka Malagasy. Ankoatra izay, manomboka ny volana jona, ny Governemanta dia hanaraka izay voalaza ao anatin'ny "Plan d'Emergence Madagasikara (PEM)" izay hitarika ny fametrahana ireo fironann'ny paikady sy ireo sehatra rehetra amin'ireo taona maro ho avy.

Fanarenan-doha haingana ny toekarena no atomboka amin'ity taona ity amin'ny alalan'ireo fampiasam-bola sy fandaniana. Ny tahatombon'ny toekarena 5.2% izay andrasana ho an'ity taona ity dia manaporofa sahady fa ny firenena dia efa ao anaty vanim-potoana vaovao, sy vonona hatrika ny fanatrarana ireo tanjon'ny Fampandrosoana lovain-jafy (ODD), sady manohy ny fampiharana ireo fepetra hiantohana ireo fahamarinan-toerana ara-faobe, sy manaja ireo foto-kevitra tsara arahana eo amin'ny Tetibola amin'ny alalan'ny fanohizana ireo fanavaozana nentina teo amin'ny fitantanam-bolam-panjakàna. Ambonin'izany, ny PTF dia hanohana ireo ezaka ataon'ny Governemanta toa ireo tetikasa vaovao sy ireo fanampiana ny tetibola avy amin'ny Banky iraisam-pirenena taorian'ny fitsidihan'ny Filohany.

Ireo hetsika rehetra ataon'ny Governemanta dia hizotra any amin'ny fanatanterahana ireo vinan'ny fisandratana izay nosoratana tao amin'ny Politika ankapoben'ny Fanjakàna vaovao.

### ***Fanamafisana ireo fototra ara-tsosialy***

#### **Fandriampahalemana sy fiarovana**

Ny rafitra ho an'ny fandriampahalemana sy ny fiarovana dia mitoetra ho vaindohan-draharaha manoloana ny zava-misy eo anivon'ny fiaraha-monina izay isongadinan'ny asan-jiolahy, ny asa ratsy fakana an-keriny, ny mbola tsy fahafoanan'ireo asan-dahalo. Ny Governemanta dia mihevitra ny hanao hetsika fanavaozana mitodika amin'ny fampanarahana toetr'andro ireo fitaovana sy ireo haitao ho an'ny fiarovana ny firenena, ireo olona sy ny fananany, ary ireo asa famokarana. Mitovy amin'izany ihany ny fanakaikazan'ireo rantsa-mangaika misahana ny fiarovana ny vahoaka, sy ny fampiofanana ho matihanina ireo mpiandraikitra izany. Araka izany, ireo Ministera miandraikitra ny fiarovana sy ny fandriampahalemana dia hiara-miasa ara-pomba mirindra, eo ambany fanarahamason'ny Fiadidiana ny Repoblika, mba hahafahana mahazo tanjaka ho an'ny fandriampahalemana tsara rafitra, voarindra, manaraka fitsipi-pitondrana sy mankato an-tsakany sy an-davany ireo fandaminana. Ankoatra izay, ny isan'ireo mpitandro ny filaminana dia ampanarahina ny vokatra andrasana amin'ny tetikady apetraka, ary hisy faritra vaovao ho kendrena amin'izany amin'ny alalan'ny fanorenana toby miaramila vaovao, araka izay napetraka tao amin'ny paikady ho fanavaozana ny sehatra "Fandriampahalemana". Toraka izany koa ireo hetsika "coups de poings", ny fametrahana ireo hetsika ho an'ny fandriampahalemana (fisafoana, fiambenana, fitsiriham-baovao...). Manampy izany dia

fitaovana ara-teknika (basy), fiarakodia (fiara mifono vy), sambo (vedety haingam-pandeha) ary ireo fiaramanidina (angidim-by sy “drone”) no homena ireo mpitandro ny filaminana mba hampahomby ireo iraka fampandrian-tany, fampandriana fahalemana ary famerenana ny filaminana eto amin’ny tany, ny fari-dranomasina ary faritry ny habakabak’i Madagasikara.

Ireo fepetra ireo dia entina hiatrehana ireo lafin-javatra maro samihafa izay mety hanohintohina ny fahamarinan-toeran’ny seha-pamokarana ankapobeny eto amin’ny firenena sy hanovana ny endrika ratsy misy mikasika ny fandriam-pahalemana ao anatin’ny enim-bolana. Mirazotra amin’izany dia iraka fitsirihana maro entina hanasaziana sy hisorohana ireo fandikan-dalàna no hotanterahina eny amin’ireo lalam-pirenena, amin’ny alalan’ny fametrahana mpitandro ny filaminana isaky ny 150 km, mba hiadiana amin’ireo fivezivezen’ny zava-mahadomelina sy fangalarana an-tsokosoko ireo harem-pirenena. Eo ihany koa ny fitsirihana ny fivezivezena sy ny fivarotana ireo omby ary ireo fitaovam-piadiana.

### *Ady atao amin’ny kolikoly tsy asiana fandeferana*

Ny kolikoly dia mampitoetra ny mponina izay tena marefo ao anatin’ny gejan’ny fahantrana, ary manamafy hatrany ny efitry ny tsy fitoviana sy ireo anton-javatra mahatonga fahasahirana eo amin’izy ireo. Ny Fitondram-panjakana misy kolikoly dia mandray anjara amin’ny fanimbana ny fampandrosoana ara-tsosialy sy ara-toekarena. Tao anatin’ny taona vitsivitsy dia najoro araka izany ny rafitra iadiana amin’ny kolikoly (BIANCO na “Bureau Anti-Corruption”, CSI na “Comité pour la Sauvegarde de l’Intégrité”, PAC na “Pôle Anti-Corruption”, etc.) mba hanabe, hampahafantatra ary hanainga ny fiaraha-monina handray anjara amin’io ady amin’ny kolikoly io, ary koa hanasazy mba hampihenana ireo ny isan’ireo tsy maty manota.

Ireo hetsika fitsirihana sy fanadihadiana araka izany dia hamafisina, indrindra eo amin’ireo endrika tsy fanajana ny “etika” sy ny “déontologie” eo amin’ireo Mpitsara sy ny fitsipi-pitondran-tena eo amin’ireo mpiasan’ny Fitsaràna sy ireo Mpiambina fonja. Ny fametrahana Tendro iadiana amin’ny kolikoly iray vaovao manaraka izay voalaza ao amin’ny « Stratégie Nationale de lutte contre la corruption » (SNLCC) dia heverina atao ihany koa amin’ity taona 2019 ity. Ireo hetsika rehetra ireo dia hikendry ny hamerenana ny fahatokisan’ny vahoaka ireo mpiasa eo anivon’ny seha-panjakana toy ny Fitsaràna, ny mpitandro filaminana ary ahafahana misoroka ny fanaovana fitsaram-bahoaka. Mitoetra hatrany ihany koa ny fanamafisana ny fahaiza-manao ara-pitantanana eo amin’ireo Tendro iadiana amin’ny kolikoly.

### *Fanabeazana ho an’ny daholobe*

Ny Governemanta dia hanaraka ny foto-kevitra izay manaiky fa tokony hisitraka ny fanabeazana fototra mandritra ny 9 taona ny zaza malagasy izay eo amin’ny taona tokony andehanany an-tsekoly, tsy misy an-kanavaka, sy ny fandraisana anjara mavitriky ny olom-pirenena tsirairay amin’ny fampandrosoana mifototra amin’ny fahombiazan’ny fanabeazana. Ao anatin’izany fomba fijery izany, ny Ministeran’ny fanabeazam-pirenena dia hanamboatra efitrano fampianarana miisa 800 ary hanolotra dabilio fianarana miisa 7500 ho an’ireo sekoly. Ho fanamaivanana ireo fandanian’ny Raiaman-dreny, indrindra fa ireo izay kely fidiram-bola dia Tahirin-tsekoly (“Caisse école”) no apetraka eo anivon’ny sekoly miisa 20.000, “kit scolaire” iray tapitrisa no ho zaraina, ary fanomezana sakafo (“cantine scolaire”) no atao amin’ireo faritra izay hita fa tena ahitana endrika tsy fanjarian-tsakafo tena misongadina ka hisitraka izany ny mpianatra miisa 30.000. Ankoatra izany dia hiantohana ny kalitaon’ny fampianarana sy ny voka-panadinana, amin’ny alalan’ireo fanofanana sy fanaovana toman’ezaka mitohy atao eo amin’ireo mpanabe sy ireo mpanara-maso eo

amin'ny fanabeazana, ary rafitra mahomby entina handoavana ireo karaman'ny mpampianatra any ivelan'ireo tanan-dehibe no apetraka amin'ny alalan'ny "Mobile banking" mba tsy hampihena araka izay azo atao ny ora entiny hampianarana.

Ho an'ireo sokajin-taona hafa, ny Governemanta dia hiasa ho fampihenana ny tahan'ny tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra amin'ny alalan'ireo fanampiana ara-bola ho an'ny fampianarana, ho an'ny fampianarana iaraha-misalahy sy ny fampianarana ny toetra mendrika amin'ny maha-olom-pirenena sy ny andraikiny. Ho an'ny fanamorana ny fidiran'ny tanora eo amin'ny tontolon'ny asa dia hanao hetsika ny Governemanta ho fanoroana lalana mialoha ny mpianatra amin'ny fianarana ho rantovana mifanaraka amin'ireo asa tiana atao, ary hizotra amin'ny fanatsarana ireo fandaharam-pianarana; Izany dia ahafahana miantoka ny fampirindrana ny fiofanana amin'ireo asa atao, ny fanavaozana ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa ho an'ireo tanora sy ny ho an'ny fanamorana ny fahitana asa ho an'ireo voaofana. Handray anjara ihany koa izy amin'ny fametrahana sy fampandehanana ireo famatsiam-bola ho an'ny fanofanana arak'asa mitohy eo amin'ny sehatra tsy miankina sy ireo fianarana asa.

### *Ny Fahasalamana*

Ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka dia hiantoka ny fampijoroana ny rafitra mahomby ho an'ny fahasalamana, mivoatra ary manaraka ireo fenitra. Ny hetsika atao amin'izany dia ny fametrahana ireo fitaovana sy ireo olona hiasa araka ny isa ilaina, manana fahaiza-manao mifanaraka amin'ny fanatanterahana ireo asa sy ny filàna misy eo amin'ny sehatry ny fahasalamana, ary ahafahana mampitombo ny fahombiazana eo amin'io rafitra io. Ankoatra izay, homen-danja ihany koa ny fanamafisana ny ady atao amin'ireo aretina, ireo fanaraha-maso ny fifindran'ireo aretina sy ny fisorohana ny mety hitrangan'izy ireo (areti-mifindra, aretina tsy mifindra, aretim-baovao mifindra) toy ny tazomoka, ny raboka, ny VIH/SIDA, sns. Ho fitsinjovana ireo tena sahirana, ny Ministera misahana ny Fahasalamam-bahoaka dia mikendry ny hampitombo fara-fahakeliny 60% ny tahan'ny fampiasana ireo vola entina hanatsarana ny fitsaboana ("fonds d'équité") ho fandraisana an-tanana azy ireo, ary ho 7 ny Distrika hisitraka ny Fahasalamana ho an'ny daholobe ("Couverture Santé Universelle").

Singa iray lehibe izay ho hamafisin'ny Ministera misahana ny fahasalamana ny fahaveloman'ny reny sy ny zaza. Handefa iraka ny minisitera hamantatra ny fisian'ireo tranga tsy fahampian-tsakafo tena misongadina amin'ireo sokajy ireo hatreny anivon'ny Distrika. Hetsika fanaovam-baksiny manaraka kalitao ihany koa no ho tanterahina izay azon'ny sokajy rehetra sitrahina noho ny fametrahana ireo toeram-pitahirizam-baksiny hatrany amin'ireo faritra izay tsy misy herinaratra. Ankoatra izany, ny fanaparahana manerana ny nosy ny fanaraha-maso ny fahafatesana eo am-piterahana sy ny fanomezana fitsaboana ny reny sy ny zaza vao teraka dia hiara-hizotra mba hanatsarana ny fahasalaman'izy ireo. Raha jerena manokana ny fampiroboroboana ny fahasalamana eny amin'ireo faritra mitoka-monina dia ny fividianana sy ny fanetsehana ireo rantsam-pitsaboana manantona ny eny ifotony no hanamafy ireo ezaka ataon'ny Governemanta eo amin'io sehatra io.

### *Asa mendrika ho an'ny rehetra*

Ny fananana asa mendrika no ahitana taratra ny zava-dehibe imasoan'ny Governemanta mikasika ny politika mifandraika amin'ny tan-tsoroka sy ny famoronana asa. Izany tokoa dia faniriana iombonan'ny mpiasa rehetra efa ao anatin'ny tontolon'ny asa. Amin'ny ankapobeny, ny asa mendrika dia ateraky ny lafin-

javatra maro, toy ireo foto-kevitra ankapobeny sy ireo fenitra iraisam-pirenena momba ny asa, ireo fanomezana karama mifanentana amin'ny asa vita ary ny fiantohana ny fiarovana sy ny fiahiana ara-tsosialy. Ny asa mendrika ho an'ny daholobe koa etsy andaniny dia anisan'ireo fitaovana mifanaraka indrindra amin'ny ady atao amin'ny fahantrana eto Madagasikara. Izay dia ahafahana manatratra ireo tanjon'ny fampandrosoana lovain-jafy, mitovy lenta ho an'ny rehetra, ary iaraha-misalahy; ny Governemanta dia hikendry ny fampiroboroboana io lafiny io ao anatin'ny politika ara-toekarena sy ara-tsosialy, amin'ny alalan'ny fanetsehana ireo fitaovana eo am-pelatanany sy ny fiantsoana fiaraha-miasa amin'ireo mpisehatra rehetra eo amin'ny lafiny ara-toekarena, Manaraka izany tanjona izany, ireo Andrim-panjakana sy ireo Minisitera dia hiasa hanome lanja bebe kokoa izany fitakiana izany sy mba hanatratrarana ireo tanjona ireo. Ao anatin'izany zava-kinendry izany, ny PGE dia hampisongadina ny fampitomboana ireo asa, ny fanofanana sy ny fanampiana amin'ny fitadiavana asa, ny fanamafisana ny fahaiza-manao nasionaly ary ny fametrahana ny ivo-toerana natokana ho an'ny asa. Ankoatra izay, ny Fanjakana dia handray anjara amin'ny fametrahana ny rafitra entina hanomezana fanampiana ara-bola ireo vehivavy sy ny fametrahana Tahirim-bola entina hanampiana ireo tanora tompona orinasa mba hampiroboroboana ny fananganana orinasa sy ho tan-tsoroka amin'ny famoronana asa ho an'ireo tanora manana tetikasa, izay azon'ireo sehatr'asa rehetra sitrahana. Ireo orinasa madinika sy salantsalany (PME/PMI) ihany koa dia hahazo tombony amin'ny fisitrahana'izy ireo ny fampindramam-bolan'ireo banky manome taha ambany kokoa ho azy ireo.

### *Fanatanjahan-tena sy kolontsaina*

Ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena dia hanome tohana manokana ireo sekolim-panatanjahantena sy ny fandraisana anjaran'ireo tanora manan-talenta amin'ireo fifaninanana iraisam-pirenena mba hahazoan'izy ireo miditra amin'ny sehatra avo lenta kokoa eo amin'ny tontolon'ny fanatanjahan-tena. Ny tanjona dia ny hametraka an'i Madagasikara ho anisan'ireo firenena lehibe amin'ny lafiny fanatanjahantena. Anatin'izany ainga izany, ny fanomezana sata manokana ho an'ireo mpikatroka avo lenta dia hovinavinaina ihany koa, izay ombain'ny fanamboarana ny akademia nasionaly ho an'ny fanatanjahan-tena, ireo fotodrafitrasa ara-panatanjahan-tena goavana toy ny "Gymnase", kianja bozaka tsy voanjanahary, dobo filomanosana olympika, indrindra eo anivon'ireo Faritra. Amin'izany, tanan-dehibe anankiroa no hisy fanarenana manontolo ny kianja filalaovan'izy ireo ho lasa kianja manara-penitra, dia Antsiranana sy Toamasina mandritra ny taona 2019. Ao amin'ny tananan'i Toamasina ihany koa no atomboka ny fanamboarana "Gymnase".

Ny Governemanta dia hiantoka koa ny fanomanana tsy an-kiato sy ny fandraisana anjara amin'ireo fifaninanana ara-panatanjahan-tena iraisam-pirenena toy ny Lalaon'ny nosy aty amin'ny ranomasimbe Indiana (JIOI 2019) atao any amin'ny Nosy Maorisy, ny Amboaran'i Afrika ho an'ny ekipam-pirenena (CAN) any Egipta, ny Lalao afrikanina 2019 atao any Maroc.

Ankoatra izany, ny kolontsaina no manefy ny maha-izy azy ny firenena iray ary mampivondrona ny vahoaka amin'ny tanjona iraisana ao anatin'ny fisandratana. Ny Governemanta dia manome lanja manokana ny maha-izy azy ny kolontsain'ny firenena ao anatin'ny famolavolany ny teti-pivoarana ho an'ny fampandrosoana. Ny lafiny kolontsaina dia tokony omena anjara toerana hatrany, ary manjohy hatrany araka izany ny fanatanterahana ireo tetikasa. Omena sanda ary ho tahirizina ireo harem-bakoka, amin'ny alalan'ny fametrahana kitapom-bola mifanaraka amin'izany.

## ***Fanamafisana ireo fototry ny fisandratana***

### ***Ny angovo sy ny rano ho an'ny daholobe***

Ho an'ny sehatry ny rano, ny tanjona dia ny fanamaroana isa ny famatsiana rano fisotro madio eto amin'ny faritra rehetra eto Madagasikara amin'ny alalan'ny fanamboarana lava-drano, ireo fampidirana rano fisotro madio, sns.

Mba hiantohana ny fahazoan'ny vahoaka rehetra rano fisotro madio, ny Governemanta amin'ny alalan'ny Ministeran'ny Angovo, ny Rano sy ny Akoran'afao, dia hanatanteraka ireo tetikasa fampidirana-drano fisotro madio avy amin'ny fisarihan-drano amin'ny fantsona, ireo fanamboarana lava-drano sy toerana fizaran-drano, indrindra any amin'ny faritra atsimon'ny nosy izay matetika ianjadian'ny haintany. Ny Tanjona mipetraka ho an'ny taona 2019 dia ny fahazoan'ny olona vaovao miisa 1.400.000 misitraka rano fisotro madio.

Raha ny momba ny tolotra ho an'ny angovo, ny Ministera dia hiasa ho an'ny fanomezana fahafaham-po ny filàna eto amin'ny firenena. Ny tanjona mahakasika ny herinaratra dia ny fanatrarana ny tahan'ny fahazoana herinaratra ho 50% amin'ny taona 2024, asa maro no efa atomboka sahady amin'ity taona 2019 ity. Ny fampiroboroana sy ny tantsoroka ho an'ny fampiasana ireo angovo azo havaozina (avy amin'ny masoandro, avy amin'ny rivotra) dia ho hita any anatin'ireo fepetra ho raisina miaraka amin'ny famarotana amin'ny vidiny zakan'ny rehetra "kits solaires" miisa 110.000. Ankoatra izay, ny Governemanta dia hanampy ireo ezaka ho an'ny fampiroboroana sy ny fanamafisana ireo fotodrafitrasa famokarana, fitaterana, fizarana ireo herinaratra amin'ny alalan'ny fanamboarana ireo toeram-pamokarana herinaratra atosiky ny rian-drano, sy ny fanatanterahana ho an'ny taona 2019 fampidirana jiro vaovao miisa 55.000 amin'ny alalan'ny fanitarana na fanatevenana ireo tambazotran'herinaratra efa misy. Anilan'izany, ny asa fanarenana ny orinasa JIRAMA dia tokony hitohy ary ny fampifandraisana ireo tambazotran'herinaratra mamatsy ireo renivohitra dia efa eo an-dalam-pikarakarana. Ho an'ireo karazan-tsolika, ny Fanjakana dia hanara-maso ny fanajana ireo vidiny ambony indrindra tokony tsy hihoarana sy ireo tahirin-tsolika itsinjovana ny vody andro merika, ary mihevitra ihany koa ny fanabeazam-boho ny fampiasana ireo taranjam-bokatra hafa azo avadika ho solika. Ireo hetsika ho fampanarahan-dalàna ito farany dia efa an-dàlana, ankoatra ny fametrahana ireo toerana famokarana solika avy amin'ny zava-maniry.

### ***Ny fampivelarana ny sehatra indostria***

Ny fametrahana indostria dia lalana tsy azo iodivirana ho an'ny fisandratana'ny firenena. Andry lehibe iray mihitsy io sehatra io. Ho an'i Madagasikara, io zava-kinendry io dia tsy afa-misaraka amin'ny fanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana, indrindra amin'ny alalan'ny fametrahana ireo fepetra rehetra, ny famerenana ny fandinihana ireo rijan-teny, ny ady amin'ny kolikoly, sns., ahafahana manintona ireo mpampiasa vola sy ireo mpiara-miombon'antoka.

Ny fampiroboroana ny vokatra « Vita Malagasy » dia manan-danja lehibe. Ny atao amin'izany dia ny fampahafantarana ny marika hamantarana an'i Madagasikara mba hametrahana ny maha-izy azy ny indostria eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Ao anatin'izany, ny fandraisana anjaran'ny indostria Malagasy amin'ireo hetsika iraisan'ny firenena dia amporisihana mafy. Ankoatra izay dia paikady ho fametrahana indostria no ho ampiasaina mba hahafahana miala amin'ny fiankinan-dohan'ny firenena amin'ireo fanafarana vokatra vahiny. Ireo lahasa ho tanterahana dia hifantoka amin'ny famaliana ireo filàna misy, azo atao ao

anatin'ny fotoana fohy ezaka, toa ireo ao anatin'ny sehatra angovo azo havaozina sy ireo indostria mpanamboatra simenitra. Anilan'izany, mba hampitomboana ny hery ahafaha-miatrika ireo loza maro samihafa dia fepetra maro no eritreretina ho raisina. Hita amin'izany ny fanitsiana ireo fitsipika mifehy ny sehatra indostria sy ny lalàna mifehy ny fampiasam-bola mivantana avy any ivelany (IDE). Torak'izany koa ny fanamboarana ny lalàna mifehy ny fampiasam-bola izay ahazoan'ny mpisehatra rehetra tombontsoa, ary koa ny fametrahana ny kitapom-bola fiantohana ho an'ireo orinasa vao natsangana.

### *Orinasa mpisehatra eo amin'ny fizahan-tany*

Madagasikara dia manana laza tsara hatramin'izay noho ireo toeram-pizahan-tany maro ananany. Ireo toerana azo tsidihana sy ny tontolo manintona ny maso eto amin'ny nosy dia mendrika trandrahana hanatsarana ny fiainan'ny vahoaka ao aminy. Ny fanamby ho an'ireo orinasa mpisehatra eo amin'ny fizahantany dia ny hahatratrarana ny tanjona mpizaha-tany miisa 500 000 isan-taona. Mba hahatongavana amin'izany dia fanamaroana ireo tolotra eo amin'io sehatra io sy ny fampiroboroboana ny fitsidihana ireo valan-javaboahary no anisan'ny ho laharam-pahamehana.

Tsy afaka mivelatra anefa io sehatra io raha tsy tanteraka ireo fepetra takiana amin'izany. Ny fanaovana tongotra miara-mamindra eo amin'ireo mpisehatra rehetra (fitsipika noraisaina teo amin'ny Fitondram-panjakana foibe, ireo orinasa mpisehatra eo amin'ny fandraisam-bahiny, ireo mpisera dia, vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ireo orinasa mpanamora ny fizahan-tany, sns.) araka izany no tena ilaina. Ny taona 2019 dia hahitana ireo hetsika ho (i) fanadiovana ny sehatra fitaterana anabakabaka sy ny fizahantany amin'ny alalan'ny fandraisana an-tanana sy ny famahana ny olana ara-piaraha-miasa eo amin'ny orinasa Air Madagascar/ Air Austral, (ii) ny fanatsarana ny fikirakirana ny fiverimberenan'ireo sidina omena ireo orinasa hafa eo amin'io sehatra io, (iii) ny fanamafisana ny fampiroboroboana ny "Destination Madagasikara", (iv) ny ady atao amin'ireo sehatra tsy manara-dalàna, (v) ny fanamaroana ireo tolotra ara-pizahantany.

Mahazo laka hatrany anatin'izany ireo fepetra ametrahana ny filaminana ary tena singa lehibe satria miankina amin'izay ny fahatongavana sy ny fanintonana ireo mpizaha-tany ao anatin'ny "Destination Madagasikara". Ireo fepetra ireo dia ny fanamafisana ny filaminana anatiny sy ny ady atao amin'ireo aretina mifindra eny amin'ireo faritra isintomana mpizaha-tany. Tsara ny milaza fa ny hahatratrarana ny vokatra amin'ireo tetikady ireo dia miankina amin'ny mpisehatra tsirairay, manomboka eo amin'ny sampan-draharaha voakasik'izany, ireo mpanao asa tanana tsotra ary mandalo amin'ireo mpandraharaha ara-toekarena ao anatin'izany. Izany no antony anomezana tombondahiny ny fanofanana ho matihanina ireo mpisehatra ireo. Mitovy amin'izany ny fametrahana ny ivotoerana ho fanaraha-maso ny sehatra fizahan-tany. Tetikady ho fampiroboroboana ny sehatra fizahan-tany araka izany no tokony apetraka.

### *Fahavitan-tena ara-tsakafo*

Toe-javatra roa mifanohitra no hita raha jerena ny lafiny ara-tsakafo eto Madagasikara: fantatra fa i Madagasikara dia firenena izay mifototra amin'ny fambolena, nefa dia maro ny olona ao aminy no tsy ampy sakafo. Io zava-misy io dia hamafisin'ny fitomboana hatrany eo amin'ny tahan'ny fanafarana sakafo. Ny fahavitan-tena ara-tsakafo dia midika fa i Madagasikara dia manana vokatra ampy ho azy, avy amin'ny famokarana avy ato anatiny ary tsy voatery hanafatra avy any ivelany entina hamaliana ny filàna ara-tsakafony. Mba ho fepetra voalohany entina hanampiana ny vahoaka, indrindra ireo tena marefo eo amin'ny

lafiny ara-tsakafo, ny Filohan'ny Repoblika dia nandray fanapahan-kevitra amin'ny alalan'ny tetikasa "Vary mora", izay entina hanafarana vary mba hamarotana azy amin'ny vidiny izay zakan'ny sarambabem'bahoaka.

Momba ny resaka voka-bary dia mikendry ny hampivoatra ny famokarana mitodika amin'ny tsena anatin'ny sy ivelany ny Governemanta, hampitombo ireo tany azo volena, hanapariaka ireo haitao vaovao momba ny fambolena, hanamafy ireo fotodrafitrasa fizaran-drano sy hiady amin'ireo fikaohan'ny riaka, ary hampifanaraka ny fambolena amin'ny fiovan'ny toetr'andro. Ny fanamafisana ny fampielezana sy fampiharana ny Fomba fambolem-bary mahavokatra be na « système de riziculture intensive » (SRI) dia atao araka izany mba hahatongavana amin'ny voka-bary 3t/ha fanampiny, ary fepetra maro no ho raisina hanampiana sy hanamorana ny fanaovana fampiasam-bola mivantana avy eto an-toerana sy avy any ivelany eo amin'ny sehatra "agribusiness". Hanomezana tombony ireo tanora izay misehatra eo amin'ny tontolon'ny fambolena sy ny fiompiana dia omena fiofanana izy ireo ary omena tany entiny mamokatra amin'ny alalan'ny fanamorana antsoina hoe "Taratasy tany maitso".

Tetikady iadiana amin'ny tsy fandriam-pahalemana no apetraka. Ivotoerana fanaovam-bakisiny sy teknisiana mpanoro lalana eo amin'ny sehatra fambolena no ampandehanina. Ireo rehetra ireo no hanampy amin'ny fampitomboana ny vola miditra eo amin'ireo mpamokatra. Ankoatra izany, ny fampiroboroboana ny fanodinana ny voka-pambolena dia hamafisina, ary tokony ho tanterahana ny tantsoroka ho an'ny fanomezana sehatra ny herim-pampandrosoana ananan'ireo ondry aman'osy, ary ny fizarana fitaovana enti-miainga ho an'ireo vao miditra amin'ny sehatra fiompiana. Farany, mikasika ireo vokam-panjonoana dia tokony ho tanterahana ny ady atao amin'ny jono mihoa-pefy sy tsy ara-dalàna, ary tokony ampivelarina ny fanoroana lalana sy ny fanofanana ireo mpisehatra eo amin'ny fanjonoana sy fitrandrahana haren-dranomasina.

#### *Fitantanana maharitra sy fikojana ireo harena ara-boajanahary*

Iray amin'ireo fanamby izay miandry ny Governemanta Malagasy ny ady atao amin'ny fahasimbana sy ny fanondranana an-tsokosoko ireo harena ara-boajanahary eto amin'ny firenena. Tetikady entina hampihavanana indray ny Malagasy amin'ny tontolo iainany araka izany no ho volavolaina, ary hitondra any amin'ny hetsika ho fandrakofana ala indray ny firenena, ny fiarovana ireo biby sy zava-maniry tsy hita afa-tsy eto izay mitondra ny reharen'ny firenena ary manintona ireo mpizaha-tany. Ankoatra izay, ao anatin'ny fandaharanasan'ny Governemanta ihany koa ny hetsika ho fanavaozana ny fitantanana ireo harena ankibon'ny tany eto amin'ny firenena. Ireo tetikady ireo dia ho tanterahana miaraka amin'ireo vondrom-bahoaka eny ifotony.

Momba ireo tanjona ho trararina dia velaran-tany mahatratra 40 000 ha no ho volena hazo isantaona, ary hetsika maika hiadiana amin'ireo fanimbana avy amin'ny olombelona (ny doro tanety, ny tavy, ireo fihazana tsy ara-dalana, ireo fanapahana hazo tsy nahazoana alalana, sns.) no atomboka amin'ny alalan'ny fampandraisana andraikitra ny olom-pirenena tsirairay mikasika ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny voka-dratsy entin'ny fiovan'ny toetr'andro. Ireo hetsika atao eny amin'ny Ministera miah'y io sehatra io dia ny fanamboarana ireo rijan-teny, ny fanamafisana ireo fanaraha-maso, tsy isangiana ny fahasalaman'ireo karazam-biby, ny rafitra fanairana mialoha entina hisorohana ireo loza ara- toetrandro ary ny fametrahana ireo faritra arovana.

Eo amin'ny sehatra fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, ny asa ataon'ny Governemanta dia ny fiantohana (i) ny fifanarahana ny fahombiazan'ireo rijan-teny amin'ireo toe-javatra ahazoan'ny firenena tombontsoa rehefa jerena ireo loharanon-karena ananany, (ii) ny fanamafisana ireo rafitra hanasaziana ny fandikan-dalàna mikasika ny fitrandrahana ireo harena an-kibon'ny tany, (iii) ny fisintomana ireo mpampiasa vola, (iv) ny fampitomboana ny fiaraha-miombon'antoka eo amin'ny Fanjakana sy ny tsy miankina, sy (v) ny tsy fanaovana an-kinanga ny fisandàna sy ny fanaraha-maso ny fanajan'ireo orinasa mpitrandraka harena an-kibon'ny tany ny tontolo iainana. Io ainga io dia hizotra amin'ny fitomboan'ny vola miditra avy amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany eo amin'ny toerana misy ireo fitrandrahana sy ho an'ny firenena.

*Ny fampiroboroboana ny toeram-ponenana sy ny fampanarahana ny toetr'andro an'i Madagasikara*

Ahitana taratra voalohany ny fisandratana ara-toekarena sy ara-tsosialy eo amin'ny firenena iray ny fanarahan'ny toeram-ponenana toetr'andro sy ny fahatsaran'ny fanajariana ny tany. Ny fananganana tanàna vaovao dia eritreretina atao manomboka amin'ity taona 2019 ity. Izany dia fanatanterahana ireo fampanantenana nataon'ny Filohan'ny Repoblika, ohatra amin'izany ny fananganana ny tanàna Tanamasoandro, ny fanajariana ny moron-dranomasin'ny tananan'I Toamasina, sy ny fanatanterahana ny Fandaharanasa fananganana trano nasionaly na "Programme Immobilier National" izay entina hananganana trano miisa 50.000 manerana ny Nosy. Ho an'ito farany manokana dia tokony hiantomboka eto Antananarivo, Toamasina ary Toliary izany mialoha ny faran'ny taona 2019. Ireo fepetra ireo dia tafiditra ihany koa amin'ny lojikam-pampandrosoana ireo toerana onenana miaraka amin'ny fampanarahana toetr'andro ireo fanorenana trano mba hampifandanjana ny fandrosoan'ireo tanàna mifandray ny fanajariana ny tany.

Mba hamitana izany, ny Governemanta dia hanamafy ny teti-pitsinjarana ireo faritra eny amin'ireo tanàn-dehibe sy manerana ny nosy, ary ireo fari-pamokarana harikarena, hametraka ary hanatanteraka ireo sari-panajariana eny amin'ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana (CTD), ary hanao tan-tsoroka ny fampiroboroboana ireo trano fonenana sy fanatsarana ireo trano tsizarizary miorina etsy sy eroa mba hisitrahana trano mendrika isan-tokantrano.

Mahakasika ny hetsika ho fanalana amin'ny fitokana-monina sy fanamorana ny fivezivezen'ireo olona sy ireo entana, ny Minisitera voakasik'izany dia hitarika sy hanafaingana ny fanatanterahana ireo tetikasa fanamboarana sy fanarenana ireo lalam-pirenena, ireo lalana mampitohy ireo tanàna eny ambanivohitra, ireo tetezana, ireo tatatra eny an-tanan-dehibe, ireo fefiloha. Ireo dia tetikasa hanamboarana ny lalana migodana ("autoroute") mampifandray an' Antananarivo sy Toamasina, ny « Rocade Nord-Est », ny « Rocade Est », ny lalana Ivato-Village artisanal misy "FLYOVER", izy rehetra dia ahafahana manafaoana ireo fitohanan'ny fifamoivoizana eny an-tanan-dehibe sy hisorohana ny fahasimban'ny lalana noho ny lanjan'ireo fiara vaventy, ary ny fanarenana ireo RN1, RN2, RN3, RN4, RN5, RN5A, RN6, RN7, RN12A, RN13, RN44, RN43), sy ireo lalana eto Antananarivo-renivohitra. Mirazotra amin'izany, io Minisitera io ihany koa dia hamita sy hanao sonia fifanarahana ara-bola ho an'ireo tetikasa heverina atao di any fanarenana ny RN9 sy RN13.

Mba ho fiatrehana ireo tranga tsy ampoizina, ireo faritra dia omena fitaovana maro sy "engins" ho an'ireo asa vaventy. Ho fanampiana ny fampandrosoana dia hisy iraka atao hijerena ifotony eny amin'ireo Faritany enina teo aloha ny lalana izay tokony amboarina na arenina mba hanalana amin'ny fitokana-monina

ireo faritra mpamokatra na mahasarika mpizaha tany, ka ny halavany dia tsy mihoatra ny 50 km. Ny fandinihana izany dia ho vitaina mialoha ny faran'ny taona 2019.

**Ny fahaleovan-tena ara-bola sy ny fampandraisana andraikitra ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana**

Ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana (CTD) no mpisehatra voalohany ao anatin'ny fampandrosoana ny firenena eny ifotony. Ny Politika Ankapobean'ny Fanjakana dia manome toerana lehibe ny CTD. Hanome fitaovana ny Fanjakana mba hahafahan' ireo solontenany eny ifotony mandray anjara feno amin'ireo hetsika atao ahazoana ny fisandratana. Ny Governemanta araka izany dia hanampy amin'ireo asa fiarovana ny tontolo iainana, ny fanamafisana ireo hery enti-miatrika ireo loza eny ifotony, ny fitandroana ny fandriam-pahalemana sy ny fiarovana eny amin'ireny toerana ireny, ny fitantanana ny fifindra-monina, ny fanatsarana ny fisitrahana'ny vahoaka trano fonenana mendrika, ireo fotodrafit'asa fototra ara-tsosialy, ary ireo hevitra hampandrosoana ny eny ifotony.

Mba hahatontosa ireo dia ampitomboina ireo famindram-bola mankany amin'ireo CTD, ary mirazotra amin'izany dia hatsangana sy ho tohanana ho an'ireo Distrika sy kaominina ireo tendro voaofana manokana ho an'ny fampandrosoana sy ny rafitra fiaraha-miasa sy fifanakalozana eo amin'ny samy faritra. Ankoatra izay, ny fametrahana ny Governora eny amin'ireo Faritra dia hampipetraka ny Fahalaovan-tena ara-bolan'ireo Faritra sy ny fanavaozana ny fitantanana ny raharaham-panjakana.

## **II- FIVOARANA SY VINAVINA ARA-TOEKARENA**

### ***Fahamarinan-toeran'ny Fitomboan'ny harikarena faobe***

Ny tahatombon'ny Harikarena faobe izay andrasana ho an'i Madagasikara amin'ny taona 2019 dia mijanona ho 5.2%. Amin'ny sandany manaraka ny vidin'entana eny an-tseny dia Harikarena Faobe (HAF) mitentina 45 243.0 miliara Ariary no antenaina. Ny seha-pamokarana voalohany dia hijanona hatrany ao anatin'ny fitomboana, izay manome 2.5% arak'izay, na nisy aza ireo endrika andro ratsy nitranga teo amin'ny firenena tany am-piandohan'ny taona. Ny fanamafisana ireo hery ahafaha-miatrika ireo loza no manaporofio io vokatra tsara io, tamin'ny alalan'ny fanantanterahana ireo tetikasa maro samihafa izay nifototra tamin'ny fampahafantarana ireo tranga tsy ampoizina mety hisy indrindra fa mifandray amin'ny toetrandro.

Mahakasika ny seha-pamokarana faharoa dia hiabo tokoa ny vokatra entiny ka hahatratra 7.5% amin'ny taona 2019 vokatry ny anjara toerana lehibe omen'ny Fitondram-panjakana ireo Indostria izay hery mitarika ho any amin'ny fitomboan'ny harikarena. Hiompana amin'ny fanetsiketsehana sy ny fanamafisana ny hery ahafahan'ireo orinasa Malagasy mifaninana araka izany ny tanjon'ny Fitondram-panjakana, ao anatin'izany ny fanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana. Ny vokatra eo amin'ireo orinasa afakaba (13.0%), ny angovo (11.5%) sy ny indostria mpamokatra zava-pisotro (10.0%) no hahitana tahatombo hisongadina indrindra amin'ity taona 2019 ity. Ny sampa-pamokarana ho amin'ny fitaovam-panorenana dia hahitana ihany koa fiakarana manan-danja 5.0%. Io vokatra tsara io dia hazavain'ny fiakaran'ny tinady amin'io sehatra io noho ny fiantombohan'ireo tetikasa lehiben'ny Governemanta, toy ny fisantarana ny fanorenana ireo tanàna vaovao, ny fanavaozana ireo lalam-pirenena, ny fanamboarana fotodrafitrasa mirindra an-dàlana amin'ny

fampandrosoana ny sehatry ny fizahan-tany. Ankoatra izany dia hahitana fitomboana mahavelom-bolo 6.5% ihany koa ny orinasa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany.

Ho an'ny seha-pamokarana fahatelo kosa dia fitomboana 5.8% no andrasana. Io dia hosintomina avy amin'ny fivoaran'ny sehatra fanaovana trano sy ireo asa vaventy (BTP) sy ny fitaterana entana izay hanana taha 9.7% sy 6.0% avy. Ny fitomboan'ny sampana fitaterana mpandeha izay 7.5% sy ny fitaterana fanampiny izay 11.5% dia hanampy ihany koa amin'io vikina io. Ny safidy mipetraka eo amin'ny sehatra fizahantany izay anisan'ireo laharam-pahamehan'ny Governemanta, rehefa nojerena ny loharanon-kery ananany no manazava ireo fitomboana eo amin'ny sehatra fitaterana. Araka izany, ny Governemanta dia hametraka ho laka ireo ezaka hamerenana ny fandriam-pahalemana, ny fiarovana ny olona sy ny fananany ary ny fiarovana ireo fampiasam-bola mba hanatrarana ny fivoaran'ny sehatra fizahan-tany, izay sehatra miteraka asa sy ahafahana mampitombo ny harikarena.

### ***Fahavelomam-panantenana eo amin'ny vinavina momba ny fivoaran'ny vidin'entana***

Ireo vinavina vao napetraka ho an'ny taona 2019 dia mahavelom-panantenana. Ny tahan'ny fisondrotry ny vidim-piainana dia andrasana hidina teboka 0.5 amin'ny isan-jato (izany hoe 6.7% miohatra amin'ny 7.2%) sy teboka 0.4 amin'ny isan-jato (izany hoe 6.4% miohatra amin'ny 6.8%). Io vokatra tsara io dia nentin'ny antony telo tena misongadina.

Voalohany, izy io dia ho azo avy amin'ny fifehezana ny haavon'ny tolotra ankapobeny manoloana ireo filàna ato anatin'ny izay natosiky ny fanatanterahana ireo zotra laharam-pahamehana vaovao voasoritra tao amin'ny PGE. Ireo tondrom-bidim-piainana eny am-panjifana ho an'ireo sokajin'entana sasantsasany, indrindra ny Vary, ireo Entana ilaina amin'ny andavan'andro, ny Fahasalamana, ny Fampianarana, ny Fitaterana, ary ny Trano, ny Rano ary ny Herinaratra dia hihena tsikelikely. Ny Fitondram-panjakana dia handray fepetra ho fampihenana ny vidim-piainana ho an'ny isan-tokantrano manampy ny fampiakarana ny mari-karama farany ambany.

Manaraka izany, ireo tranga-na andro ratsy tany am-piandohan'ny taona dia tsy nametraka fahasimbana tena misongadina teo amin'ireo seha-pamokarana telo, ary i Madagasikara dia nahazo tombondahiny hatrany avy amin'ny lafiny toetrandro nanomboka ny taona 2018 ka nampety ireo asa rehetra natao teo amin'ny sehatra fambolena. Ireo vinavina momba ny famokarana eto amin'ny firenena araka izany dia hisy fiakaran'ny indrindra fa ny eo amin'ny lafiny voka-bary. Izany dia ahafahana mifehy ny vidim-bary vokarina eto an-toerana tsy hiakatra. Teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, ny vidin'ny vary dia nidina noho ny fitobian'ny vary avy any Azia, ary ny vinavina ho an'ny vokatra ao anatin'ireo taona ho avy dia ho tsara. Tsy hoe ho taka-bidy ihany ireo vary hafarana fa eo ihany koa ny fahavitan'izy ireo mamaly ny filàna eo amin'ny tsena anatin'ny miaraka amin'ny vidiny mora kokoa. Ambonin'izany, ny fanapaha-kevitra ny Filoham-pirenena hamarotra ireo antsoina hoe "Vary Mora" amin'ny vidiny 1000 Ariary ny iray kilao, ho fanampiana ireo vahoaka marefo, dia hisy fiantrankany eo amin'ny vidim-piainana amin'ny ankapobeny. Marihana fa zava-dehibe ny fanaraha-maso akaiky ny fivoaran'ny vidin'ny vary, satria izy io dia mety hitarika amin'ny fiakaran'ny vidim-piainana toy izay nitranga tamin'ny taona 2017. Ao anatin'ny fandanianana isan'andron'ireo tokantrano, ny sandan'ny vola hividiana vary dia mahatratra ny ampahany 15.3%.

Farany, ao anatin'ny iraka ampanaovina azy dia ny fanamarinan-toerana ny vidin'entana ato anatin'ny BFM dia namerina nijery indray ny politika ara-bolany mba hifanaraka amin'ny PGE izay entina hanitsiana haingana sy maharitra ny toe-karena malagasy. Araka izany, ny tanjona kinendry eo amin'ny fetran'ny antontam-bola mivezivezy dia nakarina miohatra amin'ny vinavina teo aloha, izay 13.0%-n'ny HAF ho lasa 16.5%, izany kosa anefa dia hahafahana manatratra ny tanjona dia ny famerana ny tahan'ny fisondrotry ny vidim-piainana ho latsaky ny 7%.

Ampatsiahivina fa ny rantsana Angovo dia hisiana tranga mety hanelingelina mandritra ny taona 2019. Noho ny tsy maha-anisan'ireo firenena mpitrandraka solika azy, i Madagasikara dia tsy maintsy manafatra io karazan'entana io amin'ny vidiny eny amin'ireo tsena iraisam-pirenena, ary manoloana ny fampiharana ny vidin-tsolika araka ny tena tokony ho izy dia hiankina amin'ny vidin-tsolika iraisam-pirenena ny vidin-tsolika eny amin'ny mpanjinjara. Nefa mety hisy ny fiakaram-bidy goavana eo amin'ireo solika rehefa nojerena ireo zavatra mampiahiahy izay miseho amin'izao fotoana izao eo amin'ny lafiny izay mifandray tendro amin'ny tsenan'ny solika, indrindra (i) ny sazy ataon'i Etazonia amin'i Iran, (ii) ny fanapahan-kevitr'ireo mpikambana ao amin'ny OPEP hampidina ny famokarana ny solika tsy tafiditra tao anaty fifanarahana, (iii) ny krizy ara-politika sy ara-toekarena mianjady amin'i Venezuela, (iv) ny ady ara-barotra ifanandrinan'ireo firenena lehibe, (v) ireo olana ara-toekarena sy (vi) olana ara-bola izay atrehan'i Sina sy Etazonia.

### ***Fihenan-danja mitohy ho an'ny vola Malagasy eo amin'ny fifanakalozana amin'ny vola vahiny***

Miohatra amin'ny vinavina tany am-boalohany ho an'ny taona 2019, ny Ariary dia hihen-danja 2.3% manoloana ny DTS, izany hoe 5 062 Ariary raha 4 947 Ariary teo aloha. Ny tombatombana niaingana dia nahitsy noho ny fiankinan'ny toe-karena malagasy amin'ireo fanampiana avy any ivelany sy ny fitomboan'ny fatiantoka izay mitohy hatrany eo amin'ny toe-danja ara-barotra. Ankoatra izany, raha toa i Madagasikara ka mahavita misarika renivola vahiny betsaka mandritra ny taona, amin'ny alalan'ireo (i) fifanarahana vaovao mahakasika ireo fanampiana ara-tetibola/ fanomezana ho an'ireo tetikasa miaraka amin'ny FMI sy/na (ii) fitomboan'ny vola miditra avy amin'ny fanondranana entana miohatra amin'ny vinavina tany am-boalohany, dia mety tsy dia hihena ihany ny sandan'ny Ariary.

Mahakasika ny politikam-pifanakalozam-bola, ny BFM dia mihevitra ny hametraka tsenam-bola ifandraisan'ireo Banky mahomby kokoa. Fanavaozana maro no novolavolaina ho tanterahana eo amin'ny MID tamin'ny taona 2018 ary ny fanatanterahana izany dia ho atomboka amin'ity taona ity. Ambonin'izany dia hirotsaka an-tsehatra avy hatrany izy eo amin'ny MID raha toa ka misy fiovana tena misongadina eo amin'ireo sandam-bola. Marihana fa nanomboka ny taona 2017 dia nanomboka nanao « swap » teo amin'ireo vola vahiny ny BFM mba hanampiana ny politikam-pifanakalozam-bola.

### ***Fihatsaran'ny tontolon'ny fifanakalozana ivelany an'i Madagasikara***

Ho an'ny taona 2019, ny Toe-danjam-pifanakalozana ivelany dia hahitana tombombaroetra izay hiabo 54.8 tapitrisa DTS miohatra amin'ny vinavina tany am-boalohany. Raha 56.0 tapitrisa DTS tokoa ny hanisisa ankapobeny novinavinaina dia tombatombana vaovao 111.0 tapitrisa DTS no mipetraka. Io vokatry tsara io

dia ho entin'ny fihenana ny fatiantoka eo amin'ny toe-danja mahazatra, raha toa ka ahitana ambim-bava hatrany ireo kaontin'ny renivola sy ny vola.

Manoloana ny lasitra ara-faobe tany am-boalohany, ny fatiantoka teo amin'ny kaonty mahazatra dia hahitana fihatsarana 6.1 tapitrisa DTS, izay niainga tamin'ny tombana teo amin'ny fatiantoka mitentina 184.7 tapitrisa DTS ka hanjary 178.6 tapitrisa DTS. Fihenana teo amin'ny fatiantoky ny toe-danja ara-barotra mitentina 143.3 tapitrisa DTS no antony lehibe nahatonga io fihatsarana io izay isian'ny fiheverana fa hisy fidinana 3.7% ny fanafarana entana ary fitomboana 2.0% ny fanondranana entana. Eo amin'ny famindram-bola mahazatra kosa anefa dia fihenana 18.5% no andrasana noho ireo sehatra hafa ankoatry ny Fanjakàna. Ito farany dia hahazo tombony amin'ny fitomboana lehibe 32.9% eo amin'ireo fanampiana ny tetibola araka ireo fifanarahana vaovao natao niaraka tamin'ny PTF.

Eo amin'ny kaontin'ny renivola sy ny vola, ny ambim-bava dia hahatratra 261.3 tapitrisa DTS, raha toa ka 240.8 tapitrisa DTS izany tombony izany tao anaty LFI 2019, izany hoe nisy elanelana 20.6 tapitrisa DTS. Io fitomboana io dia nentin'ny fiakarana 18.6% teo amin'ireo Fampiasam-bola mivantana avy any ivelany (IDE).

### ***Fahamalinana eo amin'ny fitantanam-bolam-panjakana***

Manoloana ireo fanamby sy ny maha zava-dehibe ireo vina vaovao ho an'ny fisandratana'i Madagasikara, ny Governemanta malagasy dia hizotra amin'ny fametrahana ireo laharam-pahamehana izay ahafahana miasa sy manatontosa ireo fampanantenana na « Velirano » natao tamin'ireo vahoaka. Ireo vinavina eo amin'ny vola miditra sy eo amin'ny fandaniam-bolam-panjakana dia tokony hirindra amin'ny PGE. Ireo vinavina ireo dia azo tanterahana nefa tsy mivaona be amin'ny izay efa napetraka tany am-boalohany, nefa kosa mampiseho hambom-po betsaka mba ahafahana manomboka amin'ity taona 2019 ity ny fanatanterahana ireo laharam-pahamehana vaovao napetraka teto anivon'ny firenena. Rehefa niainga tamin'ny tombatombana mametraka tanjona ambony hatrany, ny vola miditra dia hahazo tombony avy amin'ireo lahasa vaovao entin'ny fitomboan'ny harikarena.

#### **Fitazomana ireo tanjona eo amin'ny vola miditra**

Mifanindran-dalana amin'ireo laharam-pahamehana voasoratra tao amin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana, ireo vola miditra avy amin'ny hetra dia tsy hisy fiovana. Nefa kosa ny Tahatsindrin-ketra (TPF) izay 12.2% araka izany dia hiova 12.3% noho ny fanitsiana maivana eo amin'ny HAF sandaina amin'ny vidin'entana eny an-tsena, izay mifanentana amin'ny vola mitentina 5 544.6 miliara Ariary. Torak'izany koa ireo vola miditra tsy avy amin'ny hetra izay hitentina 102 miliara Ariary.

Na eo aza izany, ny famerenana ny fijerena ireo fanomezana dia nahafahana nanitsy azy ireo ho lasa 1 745.6 miliara Ariary, izany hoe fitomboana 165.1 miliara Ariary ka 156.0 miliara Ariary ny fanomezana tsotra ary 9.0 miliara Ariary ny fanomezana omena ireo tetikasa.

### Fampifanarahana ny fandaniana amin'ny PGE

Ny tombatombana eo amin'ny Fandaniana amin'ny ankapobeny dia hiakatra 0.2% miohatra amin'ny LFI 2019, izay 8 796.1 miliara Ariary ho lasa 8 816.2 miliara Ariary. Ireo fandaniana mahazatra dia tsy hisian'ny fiovana raha toa ka fihenana no ho hita eo amin'ny fandaniana hana-pamokarana vatsian'ny vola avy any ivelany izay 2 518.2 milara Ariary ho lasa 2 312.3 miliara Ariary, izany hoe fihenana 8.2%.

Amin'ny ankapobeny, ny fandaniana hana-pamokarana dia hitombo 1.8% izay fihakarana hitentina 67.9 miliara Ariary. Ambadik'izany dia fitomboana no andrasana eo amin'ireo zana-bola noho ny fitomboan'ireo zana-bola avy amin'ireo trosa ivelany izay 12.3%. Raha aravona, ireo fiovana ireo dia hitondra amin'ny fihenana kely -1.0% eo amin'ny fandaniana mahazatra.

### Fihenan'ny fatiantoky ny tetibola

Noho ireo voalaza ireo, ny fatiantoky ny tetibola dia hihena teboka 0.4 isan-jaton'ny HAF, izay 3.5% ho lasa 3.1%-n'ny HAF.

## **III- FIRONAN'NY TETIBOLA AO AMIN'NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA 2019**

### **A- VOLA MIDITRA**

#### **1. HETRA**

Ireo fepetra mikasika ny fampidirana-ketra anatin'ny naroso tao anatin'ny lalàna mifehy ny teti-bolam-panjakana nasiam-panitsiana amin'ny taona 2019 dia nahompana amin'ireo fanamafisana ireo fepetra ara-ketra teo aloha. Na izany aza, ny fametrahana ny Politika Vaovaon'ny Angovo ny taona 2015, indrindra ny fampidirana ny angovo azo havaozina ao anatin'ireo fampitaovana herinaratra ho an'ny mponina, fampiharana ny iray amin'ireo laharam-pahamehan'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana (PGE) « Ny angovo sy ny rano ho an'ny Daholobe ». Ny tanjon'io politika io dia ny hampidina ny vidin'ny herinaratra sy ahazoan'ny rehetra mampiasa izany amin'ny alalan'ny fanaparahana ireo fitaovana mandeha amin'ny herin'ny masoandro, indrindra amin'ireo faritra lavitry ny tambazotra efa misy.

Noho izany, dia nampidirina ny fanafahana amin'ny TVA amin'ireo raharaha fanafarana sy fivarotana ireo fitaovana mandeha amin'ny herin'ny masoandro anisan'izany :

- Ireo takamo mandeha amin'ny herin'ny masoandro (-0.665 miliara Ariary),
- Ireo fitaovana misy takamo sy tioba misy dioda manome jiro (-0.445 miliara Ariary).

Mifanindran-dalana amin'izany dia nampidirina koa ny fanafahana amin'ny TVA amin'ireo fanafarana sy fivarotana fimailo mba ho fampiroboroboana ireo fomba fandrindram-piterahana manaraka ny toetr'andro sy ho fisorohana ny vohoka tsy niriana ary koa ho fampidinana ny tahan'ny fifindran'ny aretina azo avy amin'ny firaisana (VIH) (-0.020 miliara Ariary).

Manarak'izany, mba ampihenana ny tsy fanjarian-tsakafo sy ho fandraisana anjara amin'ny fampandrosoana ara-ekonomika ny firenena dia natao ny fanafahana amin'ny TVA amin'ireo fanafarana sy

fivarotana ronono sy fanampin-tsakafo ara-pahasalamana ho an'ny zazakely sy ny ankizy madinika (-0.218 miliara Ariary).

Farany, nisy ny fepetra noraisina mikasika ny karaman'ny mpiasa ka anisan'izany ny fanovàna ny fikajiana ny hetra amin'ny karama IRSA ary koa ny fanafahana amin'ny fandoavana IRSA ny karama amin'ny ora fiasana fanampiny izay tsy mihoatra ny 20 ora, izany no natao dia mba hiarovana ireo mandray karama farany ambany amin'ny fiantraikan'ny fampiharana ny fikajiana ny hetra amin'ny karaman'izy ireo. Ny tombony azon'izay voakasik'izany amin'ny fampiharana ireo fepetra ireo dia hampiakatra ny fahefa-mividin'izy ireo ary hitarika ny fiakaran'ny fanjifana sy ny firoboroboan'ny toekarena amin'ny ankapobeny (-8.131 miliara Ariary).

Ekena fa ny fandraisana ireo fepetra ireo dia miteraka ny fidinan'ny vola miditra amin'ny kitapom-bolam-panjakana. Na izany aza dia voatazona hatrany ny fifandanjana, andaniny, amin'ny fiarovana ny fampidiram-bolam-panjakana amin'ny fitakiana ny ampaham-bola arotsaka mialoha IR/IS taha 2 isan-jato amin'ny fanambarana ny fanafarana entana ho an'ireo sokajin'olona ampiharana izany ; ankilany amin'ny fanamafisana sy ny fanatsarana ireo fepetra ara-pitantanana efa noraisina, ny fanatsarana ny fitantanana ny mpandoa hetra ary koa ny fanamafisana ny fitsirihana ny hetra.

## **2. FADINTSERANANA**

### **2.1- MIKASIKA NY FEHEZAN-DALANA MOMBA NY FADINTSERANANA:**

Ny fanovana entina amin'ny fehezan-dalàna momba ny faditseranana dia manodidina ireto tanjona manaraka ireto :

➤ ***Fanamafisana ireo fepetra hahafahan'ny Sampandraharahan'ny Faditseranana manatanteraka an-tsakany sy an-davany ny asa sahaniny, izay mikasika ny :***

- Fanoritana amin'ny alalan'ny Fitsipika ny fomba fikajiana fakàna haba amin'ny faditseranana (Andininy faha-2.2°) ;
- Fanomezana ny satan'ny fanafahana habantseranana eo amin'ny sehatry ny vokatra hamatsiana ny sambo natokana ho amin'ny fanjonoana an-dranomasina matihanina izay mety anaty fari-dranomasina iraisam-pirenena na anaty faritra ekonomika manokana (Andininy faha-241.3°) ;
- Fampidirana ny mikasika ny « fanagiazana tena izy sy fanagiazana sarintsariny » rehefa mahita fandikan-dalàna kanefa ny entana tokony hohazonina dia efa tsy hita intsony noho ny antony samihafa (Andininy faha-267.2°) ;
- Famaritana ny mpitsara mahefa momba ny famadihana ny fanagiazam-pananana ho lasa famaboana mikasika ny lavanty alohan'ny fitsarana (Andininy faha-336.1°) ;

➤ ***Fanitsiana ny teny diso ara-materialy ao amin'ny andiany faha-193.2°.***

### **2.2- MIKASIKA NY LAZAM-BIDY AMIN'NY FADIN-TSERANANA:**

Ny fanovàna mikasika ny lazam-bidy amin'ny faditseranana dia momba ny :

- **Fanohanana ny fanatanterahana ny tetikasa momba ny fanaparahana goavana ny fitaovam-panazavana mandeha amin'ny herin'ny masoandro manerana ny faritra samihafa eto Madagasikara amin'ny alalan'ny :**
  - Fanafahana haba amin'ny tataom-bidy amin'ny fanafarana ny "lampes solaires portatives" anaty zana-tsokajy n°8513.10 10 ;
  - Famoronana zana-tsokajy n°8539.50 10 mifandraika amin'ny kity manambatra ny "lampes et tubes LED, boîtier de chargement avec ou sans batterie incorporée et panneaux photovoltaïques" mba hanafahana ny habantseranana sy ny haba amin'ny tataom-bidy amin'ny fanafarana azy ireo.
- **Fampiroboroana ny fomba fanabeazana aizana manaraka ny toetr'andro mba hampihenana ny fifindran'ny VIH sy ny aretina hafa azo avy amin'ny firaisana ara-nofo ary koa ho fisorohana ny vohoka tsy niriana amin'ny alalan'ny fanafahana habantseranana sy ny haba amin'ny tataom-bidy amin'ny fanafarana fimailo ao anaty zana-tsokajy 4014.10 00.**
- **Fiadiana amin'ny tsy fanjariana ara-tsakafo mba ho fampiroboroana ny toekarem-pirenena amin'ny fanamorana ny fampidirana sakafo fanampin'ny nonon-dreny amin'ny alalan'ny :**
  - Fanafahana haba amin'ny tataom-bidy amin'ny fanafarana "lait diététique pour l'alimentation des enfants conditionné pour la vente au détail" ao anaty zana-tsokajy n° 0402.10 10, n° 0402.21 10 ary n° 0402.29 10.
  - Fanafahana habantseranana sy ny haba amin'ny tataom-bidy amin'ny fanafarana "aliments pour nourrissons et enfants en bas âge" ao anaty zana-tsokajy n° 1602.10 00 sy "compléments diététiques pour enfants » ao amin'ny zana-tsokajy n° 2106.90 50.
- **Fanitsiana ny teny diso ao amin'ny fanoratana ny zana-tsokajy n° 5208.52 00.**

### 2.3- FIANTRAIKAN'NY FANOVANA:

Vinavinaina hiteraka fahaverezana :

- 1.36 miliara Ariary ny fanafahana haba amin'ny tataom-bidy miantraika amin'ireo "lampes solaires portatives" sy fanesorana habantseranana sy haba amin'ny tataom-bidy amin'ny kity manambatra ny "lampes et tubes LED, boîtier de chargement avec ou sans batterie incorporée et panneaux photovoltaïques" amin'ny fanafarana azy ireo ;
- 0.05 miliara Ariary ny fanafahana ny habantseranana sy ny haba amin'ny tataom-bidy amin'ny fanafarana fimailo.
- 2.3 miliara Ariary ny fanafahana haba amin'ny tataom-bidy amin'ny fanafarana "lait diététique pour l'alimentation des enfants conditionné pour la vente au détail" ao amin'ny zana-tsokajy n° 0402.10 10, n° 0402.21 10 ary n° 0402.29 10 sy ny fanafahana habantseranana sy ny haba amin'ny tataom-bidy amin'ny fanafarana "aliments pour nourrissons et enfants en bas âge" ao amin'ny zana-tsokajy n° 1602.10 00 sy "compléments diététiques pour enfants" ao amin'ny zana-tsokajy n° 2106.90 50.

Izany dia mitotaly fahaverezana 3.71 miliara Ariary izay maneho -0.14% amin'ny tanjona fampidirambolan'ny Fadiateranana ho an'ny taona 2019.

## **B- FANDANIANA**

### **TONTOLON'NY FANDANIANA**

#### **1. FANDANIANA ANKAPOBENY**

Amin'ny maha-fitaovana ho an'ny politika ara-toekarena azy, ny tetibola nasiam-panitsiana ao amin'ny LFR 2019 dia mitazona ny fitohizan-draharaha eo am-panajana ny fifandanjan'ny tetibola sy ireo tontolo ara-faobe. Na eo aza izany, ireo laharampahamehana ao amin'ny PGE dia mijanona ho zava-kinendrin'ny Fanjakana.

Fidinana 2.2% no vinavinaina hisy eo amin'ny fitambaran'ireo sora-bola omena ireo Andrim-panjakana sy Ministera. Hisongadina kokoa io fihenana io eo amin'ny fandaniahana hana-pamokarana izay hisian'ny fihenana'ny findramam-bola izay hahatratra 214.9 miliara Ariary.

Ankoatra izay, ny zanabola avy amin'ny trosa dia hitombo ka raha 416.7 miliara Ariary izany teo aloha dia ho lasa 432.7 miliara Ariary.

#### **Fafana fandronana ireo sora-bola (miliara Ariary)**

<b>FANDANIAM-BOLA (miliara Ariary)</b>	<b>LFI 2019</b>	<b>LFR 2019</b>	<b>Fiovana marikisa</b>	<b>Fiovana isan-jato</b>
ZANABOLA	416.7	432.7	16.0	3.8%
KARAMA	2407.2	2360.4	-46.8	-1.3%
FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA	1803.0	1829.8	26.8	-0.9%
- Tambikarama	210.0	215.0	5.0	2.4%
- Entana & Raharaha	452.0	392.0	-60.0	-13.3%
- Famindram-bola sy Fanampiana ara-bola (Ankoatry ny vola tsy voaefa)	1141.0	1179.0	38.0	3.3%
FAMPIASAM-BOLA	3781.3	3849.2	67.9	1.8%
- Famatsiam-bola avy ato anatin'ny	1263.1	1536.9	273.8	21.7%
- Famatsiam-bola avy any ivelany (Ao anatin'izany ny trosam-panjakana Hafa)	2518.2	2312.3	-205.9	-8.2%
Findramam-bola	1533.2	1318.3	-214.9	-14.0%
Fanampiana	985.0	994.0	9.0	0.9%
<b>FITAMBARANY</b>	<b>8 408.2</b>	<b>8 219.3</b>	<b>-188.9</b>	<b>-2.2%</b>

#### **2. FANDANIANA HO AN'NY MPIASAM-PANJAKANA**

Ireo ezaka fanadiovana sy fanavaozana rafitra eo anivon'ny raharaham-panjakana dia nitarika tamin'ny fampihenana ny isan'ireo sampan-draharaha teo anivon'ireo Ministera. Io dia nitondra tamin'ny fitsitsiana teo ny fandaniahana ho an'ny karama. Manampy izay ny fampiatoana mandritra ny fotoana voafetra ireo « reclassements » sy ny tsy mbola nandraiketana ny fanitsiana ny karama amin'ny fiakaran'ny vidim-piainana amin'ny taha 7% nandritra ireo efa-bolana voalohan'ny taona 2019. Raha atambatra dia nisy ambim-bava 46.8 miliara Ariary azo noraisina teo amin'ny fandaniahana ho an'ny karaman'ny Mpiasam-panjakana, izay afaka hamatsiana ireo sokajim-pandaniana hafa ao anatin'ny LFR 2019.

Noho izany, ny fandaniahana ho an'ny karaman' ny mpiasam-panjakana dia hihena 1.9% ka hitentina 2 360.4 miliara Ariary raha 2 407.2 miliara Ariary teo aloha. Ireo Tambikarama dia hitombo 5 miliara Ariary ka hitentina ho 215 miliara Ariary.

### **3. NY FANDANIANA MOMBA NY KARAMA ANKAPOBENY NY MPIASAM-PANJAKANA**

Ny fihenana ny antonta-karama ankapobeny izay mitentina 46.8 miliara Ariary ao anatin'ny volavolan-kitsivolana momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-Bolam-Panjakana nasiam-panitsiana ho amin'ny taona 2019 dia hiainga avy amin'ny:

- Ny tsy mbola nampiharana ny fandaniahana mifandray amin'ny fandraisana mpiasa vaovao, ny « reclassements », ny fanitsiana ny karaman' ireo mpiasam-panjakana amin'ny fiakaran'ny vidim-piainana izay novinavinaina ho 7%;

Ny fiovan'ny rafitra misy eo anivon' ny Ministera isan-tsokajiny: fitambarana sy fisarahana, dia mitarika fanitsiana eo amin'ny fitsinjarana ny sora-bola isaky ny Ministera sy isaky ny fandaharanasa.

### **4. FANDANIANA HO AN'NY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA**

Ho an'ny fahatsaran'ny fitantanana ny volam-panjakana, ny LFR 2019 dia mihevitra ny hametraka lamina vaovao eo amin'ny fametrahana sora-bola ho an'ny fandaniahana ho fampandehanan-draharaha. Amin'ny ankapobeny, izy io dia hihena 0.9%, izay ho hita eo amin'ny Entana sy raharaha. Ireto farany araka izany dia 452.0 miliara Ariary ho lasa 392.0 miliara Ariary, ary ny Famindram-bola sy ny fanampiana ara-bola (ankoatry ny vola tsy voaefa), dia hahatratra 1 179 miliara Ariary raha 1 141 miliara Ariary teo aloha.

### **5. FAMPIASAM-BOLAM-PANJAKANA**

Ireo Fandaniahana fampiasam-bolam-panjakana dia hitombo 1.8% miohatra amin'ny LFI 2019. Io fiovana izay entin'ny fihenana 14% tsapa teo amin'ny Trosa dia harenin'ny fitomboana teo amin'ireo Famatsiam-bola avy ato anatin'ny 273.8 miliara Ariary, izay mampiseho ny finavian'ny Governemanta hiditra ao amin'ny fanatrarana ny fisandratana. Ireo fandaniahana fampiasam-bolam-panjakana izay vatsiana avy ato anatin'ny ireo izay 1 263.1 miliara Ariary teo aloha dia hanjary 1 536.9 miliara Ariary, izany hoe fiakaran'ny 21.7%. Na eo aza izany, ny fampiasam-bola izay vatsian'ny vola avy any ivelany dia hahatratra 2 312.3 miliara Ariary (ao anatin'izany ny trosam-panjakana hafa), raha 2 518.2 miliara Ariary teo aloha.

Mahakasika ny firafitry ny loharanom-bola, ireo FFBP ato anatin'ity LFR 2019 ity dia ho vatsian'ny loharanom-bola avy any ivelany amin'ny ampahany betsaka. Ireto farany dia hahatratra 60.1% raha ampahany 66.6% no novinavinaina tany am-boalohany. Satria ny ampahany vatsian'ny loharanom-bola avy ato anatin'ny dia hitombo 21.7% raha fihenana 8.2% no hita eo amin'ny FFBP vatsian'ny vola avy any ivelany.

izany dia manamarika ny finiavan'ny Governemanta hanaja ireo laharampahamehana sy hameno ireo izay tsy voarakotry ny loharanom-bola avy any ivelany.

#### 5.1- IREO FAMPIASAMBOLA VATSIAN'NY LOHARANOM-BOLA AVY ATO ANATINY

Taorian'ny famerenana indary ny fametrahana ireo tanjona napetraka mifanaraka amin'ny PGE, izay mizotra mankany amin'ny fisandratana haingan'ny firenena, ireo laharam-pahamehan'ny Governemanta dia ho tsapa avy amin'ny fandaharana vaovao ireo Fandaharanasa fampiasam-bolam-panjakana ao anatin'ny LFR 2019. Maraihana nisy sora-bola fanampiny 273.8 miliara Ariary nomen'ny Governemanta izay avy amin'ny vola avy ato anatin'ny, mba hanatontosana ireo finiavana manokana ary indrindra entina mampivaingana ireo fampanantena nataon'ny Filohan'ny Repoblika.

Mifanaraka amin'ireo fanamby rehetra ireo, ny sehatra fotodrafitrasa no hisitraka ny ampahany betsaka amin'ireo sora-bola miaraka amin'ny taha 60.4% ka hitentina 927.9 miliara Ariary. Eo amin'ny laharana faharoa no misy ny sehatra raharaha miaraka amin'ny taha 19.8%-n'ny tetibola FFBP satria ireo asa fihariana sy fanatsarana ny tontolo iainana andavanandron'ny mponina dia tsy ho vita antoka raha tsy misy ny fandriam-pahalemana. Araka izany, mba handraisana ireo fandaharanasa lehiben'ny Governemanta eo amin'ny lafiny fandriampahalemana dia hanompanana sora-bola 303.8 miliara Ariary ato anatin'ity LFR ity avy amin'ny loharanom-bolany. Ao anatin'izay hevitra izay ihany, ny sehatra sosialy no eo amin'ny toerana fahatelo miaraka amin'ny taha 14.2%, satria hita fa tena mora tohina io sehatra io. Ny ampahany raisin'ny sehatra famokarana dia 5.7%-n'ireo sora-bola nefa kosa io sehatra io dia tsy azo tsinontsinoavina ho an'ny loharanom-bola avy any ivelany.

#### Fafana fitsinjarana isan-tsehatra ireo FFBP vatsian'ny vola ato anatin'ny

<b>SEHATRA</b>	<b>Sora-bola (miliara Ariary)</b>	<b>ampahany (% totaliny)</b>
FOTODRAFITRASA	927.9	60.4%
RAHARAHA	303.8	19.8%
SOSIALY	217.9	14.2%
FAMOKARANA	87.2	5.7%
<b>TOTALINY</b>	<b>1 536.9</b>	<b>100.0%</b>

Ho fampiharana ireo baikon'ny Filohampirenena, ireo fampiasam-bola vatsian'ny vola avy ato anatin'ny rehetra dia tokony handary anjara amin'ny fanatanterahana ireo tanjon'ny fisandratana. Ankilan'izany, ny Governemanta dia hitondra ny fandraisana anjarany amin'ireo tetikasa izay nifanarahana tamin'ireo PTF, izay mitondra amin'ny fanatrarana ireo tanjona ireo. Ao anatin'ny fanaovana valim-babena sy mba hampihenana be ny fiantraikan'ny fahantrana dia navadika ho asa tsy maintsy ho tanterahan'ny Governemanta ireo hetaheta nambaran'ireo mponina mialoha ny fifidianana. Ny fanatanterahana ireo FFBP vatsian'ny vola avy ato anatin'ny dia ahafahana manamafy ny fiandrianam-pirenena sy mitady ireo vahaolana mifandrify kokoa amin'ny fiaraha-monina malagasy

## SEHATRA FOTODRAFITRASA

Io sehatra io no kitro ifaharan'ny paikadin'ny fisandratana izay mitazona ny 60.4%-n'ny sora-bola omen any FFBP, izany hoe antontam-bola mitentina 927.9 miliara Ariary. Tsy hoe fototra sy fivoy ho an'ny fandrosoan'i Madagasikara ihany izy io, fa ny fivoarany dia mandray anjara ihany koa amin'ny fanovana endrika ny firenena, amin'ny alalan'ny fampihenana ny saran'ireo asa atao sy amin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny hetsika atao anatin'izany. Na eo aza izany, dia ilaina ny mijery fa ny fisitrahana ireo fotodrafitrasa fototra dia mitoetra ho fanamby goavana ho an'ny Governemanta. Araka izany, ireo asa ireo dia hametraka fepetra eo amin'ny fandrafetana indray ny firenena ao anatin'ny tontolon'ny fanamafisana ny fanajariana ny tany sy ny paikady hamaliana ny filàna tena izy tsapa eo amin'ireo mponina. Ireo tetikasa izay ho tanterahana dia hifantoka amin'ny fiarovana ny fananan-tany, ny politika fanamorana ny fidirana amin'ireo faritra izay manana loharanon-kery lehibe, ny fitrandrahana ireo loharanon'angovo azo avaozina, ny fampidirana herinaratra eny amin'ny tontolo ambanivohitra sy ny fanomezana rano fisotro madio. Ankoatra izany dia misy ireo fotodrafitrasa izay ilaina hanatrarana tanjona manokana any amin'ny sehatra hafa.

### ***Ireo fotodrafitrasa fototra***

Ireo tetikasa fampiasam-bola mahakasika ny fanajariana ny tany sy ny toeram-ponenana ary ny asa vaventy dia eo amin'ny ivon'ireo fandaharanasan'ny Governemanta satria ny fivelarana sy fandrosoan'ireo lahasa ara-toekarena dia hiankina tokoa amin'izany. Ireo tetikasa samihafa ho fanamboarana sy fanarenana ireo lalana sy ireo tetezana ary ny fanajariana ireo fotodrafitrasa araka izay voalaza ao anatin'ny' PGE dia hisy fiantraikany mivantana eo amin'ireo tontolo ara-tsosialy sy ara-toekarenan'ny firenena.

Ao anatin'izany dia ho tanterahina ny fanamboarana ireo lalampirenena toy ny RN44, RN 5a, RN 5, RN 9, RN 13, RN 12 A, RN 43; mba hanalana amin'ny fitokana-monina ireo faritra izay manana loharanon-kery ara-pambolena sy afaka trandrahana eo amin'ny sehatra fizahantany. Mba hitahirizana ireo lalana mbola tsara, sy mba hiarovan-tena amin'ny rivo-doza, dia heverina ihany koa ny fanaovana asa fikojakojana indrindra ny RN1, RN2, RN3, RN6, RN7. Toraka izany koa, ireo asa fikojakojana mahazatra ireo tetezana.

Ankoatra izany, ny fanamboarana ny « flyover » dia heverina ihany koa araka izay nolazaina tanatin'ireo fampanantenan'ny Filohampirenena, toy ny eny Ampasika, Anosizato, Ambohitrimanjaka, Antananarivo.

Anisan'ireo tetikasa fanajariana, ireo asa mifandray amin'ny fananganana tanàna vaovao eny amin'ireo renivohi-paritany dia atomboka amin'ity taona ity, toy ny Tanamasoandro-Ivato (58 ha) sy ny tanana ao Amparemahitsy. Ny asa fanajariana ny moron-dranomasin'i Toamasina dia atomboka ihany koa amin'ity taona ity;

Tetikasa maro hafa ihany koa no vinavinaina : Fanitarana ny seranam-piaramanidina Ivato (RFI BANI), Rocade Antananarivo; fanarenana ny lalana Ivato-Tsarasaotra sy ny « Boulevard de l'Europe-village de la francophonie » ary ny fanamboarana ny lalambe Ivato sy Ambohitrimanjaka ; ny fividianana « Pont modulaire » ; ny fanarenana ireo tambazotran-dalana any amin'ny faritra atsimon'i Madagasikara ; ny asa fanarenana ireo tetezana ao Mangoro sy Antsapazana/ Antsirinala.

Eo amin'ny lafiny fifandraisan-davitra, ny PGE dia mitaky ny fampanarahana toetrandro ny Paositra sy ny fifandraisan-davitra. Io fanekena io dia manan-danja tokoa noho ny maha fototry ny fampandrosoana

ny fivoarana ara-teknolojia, indrindra ny fifindrana mankany amin'ny fialana amin'ny fampiasana antontataratasy sy fidirana amin'ny nomerika. Araka izany, ny Fanjakàna foibe dia hanao ny :

- Fanatanterahana ireo tetikasa "Développement de l'accès aux TIC numériques dans les zones rurales » izay ahitana ny fametrahana « espace médiathèque » any Antanetibe, ny fanarenana ny « Banque postale » eny Antaninarenina sy ireo trano fonenana an'ny Ministera eny Faravohitra ;
- Ny fampanarahana toetrandro ny tambazotram-pifandraisan-davitra ;
- Ny fametrahana rafitra ho an'ny serasera mahomby sy amin'ny sarany zakan'ny daholobe eny amin'ireo biraon'ny distrika.
- Momba ny sehatry ny angovo, ny fandaharanasa fametrahana toerana famokarana "bioenergy" dia ho tanterahana

Eo amin'ny lafiny fizahantany, ny PGE dia hametraka tanjona lehibe dia ny fahatratrarana mpizahatany vahiny miisa 500 000 ato anatin'ny dimy (05) taona. Io tanjona io dia tokony hiaraka amin'ny rafitra fitaterana mendrika izany sy sampana faminavinana ny toetrandro tsara kalitao. Mba hahatongavana amin'izany, ny fanomezana fahafaham-po ireo filana mipetraka eo amin'ireo mponina, ny tombotsoa azo avy amin'izany, ary ny fikojakojana ny tontolo iainana dia atambatra amin'ny alalan'ny:

- Ny Fanamafisana ny fampiroboroboana ny « Destination Madagasikara » sy ny fahafahamifaninana, ny fanomezana lanja ireo vokatra atolotra eo amin'ny sehatra fizahantany isak'ireo Faritra, ny fametrahana tolotra ara-pizahantany vaovao, ny fanokafana ny fizahan-tany ho an'ny firenena aziatika sy ny fandalinana ny fametrahana ny "Tourism Security»;
- Ny fiarovana ny faritra manodidina ireo seranam-piaramanidina, ny fanarenana sy fampitaovana ireo seranam-piaramanidina;
- Ny fanajariana sy fanamboarana manaraka ny fenitra reo fotodrafitrasam-pitaterana ho an'ny mpandeha sy ireo entana eto amin'ny firenena; ny fanatsarana ny fahamorany fivezivezena avy amin'ny rafi-pitaterana mampiasa haitao vaovao;
- Ny fanamboarana sy fanarenana ireo fotodrafitrasa fitaterana an-drenirano;
- Ny fametrahana toerana fakana aina isaky ny 100 km eny amin'ny RN 7, RN 4, RN 34 ary RN 2, ary eny amin'ireo lalana rehetra eto amin'ny tananan'Antananarivo
- Ny fanavaozana sy fanamboarana ireo fotodrafitrasan'ireo tamabazotran-dalamby, ny fanarenana ny tranon'ny Gara any Manakara, ny fifidianana lohamasinina sy fanarenana ny lalamby amin'ny FCE sy ny fampaharetana ireo lalamby any amin'ny tambazotra Avaratra;

Ankoatra izany, ny fampiasana ny famantarana toetrandro dia hovaina sy hampanarahana toetrandro mba hanampiana ny fampandrosoana eny ifotony, amin'ny alalan'ireto tetikasa manaraka ireto : ny fampivoarana ny fizaram-baovao sy raharaha famantarana toetrandro ho an'ny fiatrehana sy ny fampijoroana ireo sehatra manan-danja ; ny fanarenana sy/na fametrahana ireo toerana famantarana toetrandro ho an'ny sehatra famokarana any Toamasina, Antsohihy sy Ambovombe, ny fanarenana ireo ravan'ny rivo-doza.

Amin'ny maha filana fototra azy, ny angovo, ny rano sy ny akoranafo dia fototra ho an'ny fampandrosoana. Io foto-kevitra io dia hasongadina ary tetikasa maro no atao, indrindra ireo izay mikasika ny fampidirana rano sy herinaratra:

- Ny fampiroboroboana ny fahazoana ny rano fisotro madio
- Ny « Programme d'intervention d'urgence et de continuité de fourniture d'énergie électrique » ;
- Ny « Projet de distribution massive de Kit solaire » ;
- Ny « Premier projet pilote PPP : Hydroélectrique de Sahalanona » ;
- Ny fanatsarana ny fisitrahana ny angovo any ambanivolo na « Amélioration de l'accès à l'énergie dans les zones rurales » ;
- Ny fampivoarana ny fisitrahana ireo fotodrafitrasa fidiovana na « Développement de l'accès aux infrastructures d'assainissement » ;
- Ny « Projet d'urgence pour la JIRAMA » ;
- Ny « Programme d'électrification des villages ruraux isolés par système solaire domestique » ;
- Ny « Programme d'électrification rurale » ;
- Ny « Projet de centrales de production d'énergie électrique à partir de panneaux photovoltaïques » ;
- Ny fanomezana fitaovana sy kojakoja teknika na « Dotation de matériels et équipements techniques » ho an'ny SAMVA.
- Ny fanamboarana lava-drano na « Construction de forage » any amin'ny faritra Atsimon'i Madagasikara
- Ny fanariana ireo rano efa avy nampiasaina sy ireo fako na « Évacuation des eaux usées et des ordures » eto amin'ny tananan'Antananarivo.

### ***Ireo fotodrafitrasa ho an'ny sehatra sosialy***

Momba ny lafiny fahasalamana, ny Governemanta no isahana ny fametrahana ireo fotodrafitrasa ho an'ny fahasalamana izay mamaly ny filan'ny mponina sy miantoka ny fanamoràna ny fisitrahana ny raharaha momba ny fahasalamana, amin'ny alalan'ny fanatanterahana ireo tetikasa maro samihafa, indrindra:

- Ny fanampiana ireo « système hospitalier de référence » izay ahitana ny fanamboarana CHRD « Manarapenitra » miisa telo ambin'ny folo (13), ny fanamboarana ny CHRR Maintirano; ny fanomezana fitaovana sy kojakoja teknika ireo « Centres Hospitaliers de Référence » izay efa mitsangana sy famitana ireo asa fanorenana ny CHRR Morondava
- Ny fanamboarana CSB miisa telo ambin'ny folo (13) ao anatin'ny fanatsarana ny tolotra ara-pahasalamana manakaiky vahoaka sy fampidirana herinaratra ao amin'ny CSB Diana sy Vakinankaratra;
- Ny fanampiana ny « systèmes hospitaliers universitaires » avy amin'ny fanarenana sy fanamboarana fotodrafitrasa vaovao ho an'ny CHU, ny fanatsarana ny «plateaux techniques » sy ny fanomezana fitaovana ara-teknika.

Ireo tanora dia sady mpiara-miombona antoka no mpisehatra tsy azo iodivirana eo amin'ny fampandrosoana. Mba hanomezana lanja ny hery ananan'izy ireo, ny Governemanta dia mihevitra ny hanome ny tanora ny fahaiza-manao sy hanokatra ny lalana hahafahany manatsara hatrany ireo zava-bitany manoloana ireo fifaninanana sy manome lanja azy toy ny fanatanjahantena. Ireto tetikasa manaraka ireto dia hanampy tosika amin'izany :

- Ny tetikasan'ny Filohampirenena fanamboarana sy fampivoarana ireo ivotoerana ho an'ny tanora (Tranoben'ny tanora eny amin'ny tontolo an-drenivohitra, eny ambanivolo miaraka amin'ireo fitaovana mifanentana amin'izany) ;
- Ny fametrahana sekolim-panatanjahantena na « école de sport » ao anatin'ny fikarakarana ny solofo dimbin'ny ala eo amin'ny sehatra fanatanjahantena eto Madagasikara.
- Ny fanohanana ny fampandrosoana ny fanatanjahantena eo amin'ny sehatra avo lenta amin'ny alalan'ny famitana ireo kianja « Manarapenitra » any Toamasina, Antsirana sy Morondava ; ny fanombohana ireo asa fanamboarana « gymnase » mahazaka mpijery miisa 4000 any Mahajanga sy Toamasina ; ny fanombohana ireo asa fanamboarana ny dobo filomanosana olaimpika any Toliary sy Mahajanga, sns.

Ho fanampiana ireo asa ataon'ny sampan-draharaha misahana ny mponina amin'ny ankapobeny sy mba hanatsarana ny fisitrahana'ireo andian'olona marefo ireo asa ataon'ny Governemanta mifanaraka amin'izany, ireto tetikasa ireto dia anisan'ireo atao laharampahamehana :

- Ny « projet pilote relatif à l'amélioration du cadre de vie la population » ahitana ny fanamboarana sy fanarenana ny « villages communautaires » ao Antsirabe sy Ankarefo ;
- Ny fanamafisana ny fampidirana indray anaty fiarahamonina any amin'ireo faritra na « renforcement de la réinsertion socio-économique dans les régions » : fanarenana sy fanomezana fitaovana sy kojakoja ireo « Centre de Promotion Socio-Economique » any amin'ny Faritra Toamasina sy Mananjary.

Eo amin'ny lafiny fanabeazana, ny fandraisana anjara amin'ny fanabeazana ho an'ny daholobe dia mitaky ihany koa ny fametrahana fotodrafitrasa ahafahana mandray mpianatra araka ireo isa izay noferana isaky ny taom-pianarana sy ho an'ny ambaratonga rehetra, manomboka eo amin'ny garabola ka hatrany amin'ny fampianarana ambony. Araka izany, ireto tetikasa manaraka ireto dia atao laharampahamehana :

- Ny fampiroboroana ny fampianarana garabola amin'ny alalan'ny fanamboarana efitrano fampianarana garabola, ny fampiroboroana ny fanabeazana fototra izay ombain'ny fanamboarana efitrano fampianarana miisa 800 (écoles de références équipés) ;
- Ny fanamboarana Sekoly fanabeazana Fototra (EPP);
- Ny fanamboarana/ fanarenana/fampitaovana ireo fotodrafitrasa an'ny Oniversite sy ireo « Centres Nationaux de Recherche (CNR) » ahitana ny fananganana « Campus » vaovao any amin'ny Faritra Itasy, Ihorombe, Analanjirofo sy Vakinankaratra.

### ***Ireo fotodrafitrasa entina hanampiana ny lafiny famokarana***

Ireo fotodrafitrasa sasantsasany dia ilaina mba hanatsarana ireo vokatra eo anivon'ireo sampam-pamokarana toy ny fambolena.

Mikasika ny lafiny fambolena, ny Governemanta dia mihevitra ny hametraka rafitra fanajariana sy fanarenana ireo fotodrafitrasa efa mitsangana avy amin'ny loharanombolany. Io fikasana io dia ho tanterahana avy amin'ny:

- Ny « fonds d'entretien des réseaux hydroagricoles, l'extension du périmètre bas Mangoky II,
- Ireo asa fanarenana ny lemak'i Dabara,
- Ny fanarenana ny toeram-panondrahana rano sy ny fitantanana ireo rano mpanondraka avy any amin'ny havoana (« bassin versant ») Atsimo andrefan'ny farihin'Alaotra,
- Ny fanajariana toerana fanondrahana fambolena na « aménagement hydroagricole » any Beboka;
- Ny fanajariana sy fitantanana feno ireo « bassins versants critiques » na « aménagement et gestion intégrée des bassins versants critiques » any Andekaleka, Tsiazompaniry ary Mahajamba.
- Ny fampiroboroana sy fampivoarana ny sehatra fambolem-bary;
- Ny fanajariana ny tanimbary eny amin'ireo toerana natao ho filamatra ho an'ny famokarana eto Madagasikara;
- Ny fanajariana sy fitantanana feno na « aménagement et gestion intégrée » an'ireo « bassins versants critiques » any Andekaleka, Tsiazompaniry ary Mahajamba.

### ***Fanamboarana/fanarenana tranom-panjakana natao hiasana***

Misy tranom-panjakana sasantsasany izay hajariana ka hahazo fampitaovana, havaozina sy/na harenina manaraka ireo fenitra ilaina eo amin'ny fotoana ampiasana azy. Tanisaina amin'izany:

- Ny fanavaozana ny « Etablissements publics de formation agricole et rurale » ;
- Ny fanamboarana trano manaraka ireo aro loza sy fampanarahana fenitra ireo fotodrafitrasan'ny SAMIFIN ;
- Ny fanarenana ny trano iasan'ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy;
- Ny fanamboarana Birao fiasan'ny sampan-draharaha misahana ny harena an-kibon'ny tany
- Ny fananganana, ny fividianana, ny fanarenana, ny fanajariana ary ny fanomezana fitaovana ireo trano iasan'ireo masoivoho any ivelany;
- Ny fanamboarana/fanarenana ireo trano sy fampitaovana ny departemanta misahana ny kolontsaina;
- Ny fanamboarana ny « Maison de la Culture et Communication » any amin'ireo renivohi-paritany miisa dimy (05) ;
- Ho famerenana ireo sata ara-kolontsaina sy hampisongadinana indray ny tantaran'ny firenena, ny tetikasa fanarenana, fanajariana, ny fitahirizana sy ny fanomezan-danja ny vakoka ara-kolontsaina na « projet de réhabilitation, d'aménagement, de sauvegarde et de capitalisation du Patrimoine Culturel » dia ho tanterahana, izay ahitana ny fanarenana ny Rovon'Antananarivo. Toa izany koa ny fananganana ny « Académie Nationale des Arts et de la Culture (ANAC) » eto Antananarivo.

### ***Fotodrafitrasa eo amin'ny raharaham-panjakàna***

Asa mivaingana no atao, indrindra eo amin'ny lafiny fitsinjaram-pahefana mba hahatongavana amin'ny fahaleovan-tena sy fandraisana andraikit'ireo vondrom-bahoakam-paritra.

Ny fandriampahalemana no antoka ho an'ny fahamarinan-toerana sy faharetan'ireo asa, ary amin'ny maha fanevan'ny fiandrianam-pirenena azy dia ilaina ny fanohanana'izany ny fisandratana avy amin'ireo fiaraha-monim-pirenena sy ireo fitaovam-panjakàna. Araka izany, ireto tetikasa manaraka ireto dia ho tanterahana :

- Ny fametrahana « salle de crise » ho an'ny fitantanana ny fandriampahalemana eto amin'ny firenena ;
- Ny fametrahana « Centre opérationnel pour veille informationnelle » ;
- Ny fanarenana ireo fotodrafitrasan'ny Foloalindahy Malagasy;
- Ny fanitarana ny « Hôpital militaire d'Antsiranana » ;
- Ny famerenana ny hasin'ny « usine militaire » any Moramanga;
- Ny fanatsaràna ny fitaovana sy ireo fotodrafitrasa iaidiana amin'ny tsy fandriampahalemana ne « Amélioration des équipements et infrastructures dans le cadre des actions de lutte contre l'insécurité ».

### SEHATRA RAHARAHA

I Madagasikara dia hampifanaraka ny fomba fitantanany ny raharaha amin'ireo paikadin'ny fisandratana amin'ny alalan'ireo tetikasa izay ho atao ao anatin'ny sehatra raharaha. Mitentina 303.8 miliara, izany hoe 19.8%n'ny fitambaran'ny hana-pamokarana anatin'ny vola natokana ho amin'izany. Ireo tetikasa ireo dia hanome torika ny Governemanta amin'ny fametrahana Fanjakana matanjaka, ny fahatokisan'ny mponina ny Fanjakana sy ireo solontenany isan'ambaratongany avy, ary ny fanentanana ny olom-pirenena handray anjara amin'ny fampandrosoana izay ho tohanan'ny fampiroboroboana ny maha-izy azy ara-kolontsaina. Ao anatin'izany dia hisy ny fanavaozana maro izay hita ao anatin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana ary ho tanterahana amin' alalan'ireo hetsika maro izay voarindra tsara mba (i) hampihenana faran'izay haingana ny tsy fandriam-pahalemana (ii) hanafoanana ny gaboraraka amin'ny fitantanana ny volam-panjakana (iii) hanalana ny Fanjakana sy ireo orinasa ao anatin'ny kolikoly (iv) hisian'ny fitsarana tsy miangatra sy hanomezan-danja ny Fanjakana tan-dalàna ary (v) hisian'ny fahavitan-tena sy fandraisan'andraikitr'ireo vondrom-bahoka itsinjaram-pahefana.

Mba hanomezana antoka ny fametrahana ny Fanjakana matanjaka ao anatin'ny fisandratana'i Madagasikara, ho tanterahana ireto tetikasa manaraka ireto:

- Ny fanamafisana ny fahafaha-manao ara-pitaovana sy arak'olona ho an'ny BIANCO;
- Ny fanamafisana ny « comité pour la sauvegarde de l'intégrité (CSI) » ;
- Ny fanohanana amin'ny fitantanana ny « Réforme du Secteur Sécuritaire (RSS) ».

Ankoatr'izany, mba hisian'ny fandrindrana tsara ireo lahasan'ny Governemanta, ho tanterahana ireo tetikasa toy ny i) fampanarahana toetr'andro ireo fitaovana fitrandrahana ireo karazana lahatsoratra ara-panjakana ii) ny « réingénierie » an'ireo dingana sy fampaharetana ny zava-bitan'ny « Centre Development Learning center (DLC) », mba ho fiarovana ireo tombontsoa fototry ny Fanjakana sy ireo sampandraharam-panjakana ary iii) fametrahana rafi-pandrindrana dia ho tanterahana.

Mikasika ny fametrahana ny Fanjakana tan-dalàna, ny fitsarana tsy miangatra ary ny ady amin'ny kolikoly, ny Fanjakana dia maminavina hanatanteraka ireto tetikasa manaraka ireto :

- Ny tetikasa fanamafisana ny fahafaha-manao ara-pitaovana sy arak'olona mba hisian'ny fametrahana marina ny « Pôles Anti-Corruption » (PAC) ;
- Ny tetikasa Fitsarana;
- Ny fanamafisana ny tany tan-dalàna;
- Fanohanana ny fiarovana ara-pitsarana sy ara-dalàna.

Mifanindran-dàlana amin'izany, ireo foto-kevitra mifandraika amin'ny filaminam-bahoaka dia ho hamafisina kokoa amin'ny alalan'ireo tetikasa toy ny fanohanana ara-pitaovana ireo sampandraharam-panjakana misahana ny fiarovana sy filaminam-bahoaka ary ny tetikasa fampifandraisana ireo singa ara-tetikady sy ara-paikadin'ny foloalindahy Malagasy. Eo amin'ny fanatanterahana ireo asa, ny fandefasana ireo hery mpamita iraka dia hamafisina miaraka amin'ny fanomezana fitaovana manaraka toetrandro ireo zandary, miaramila ary ireo Polisy any amin'ireo lazaina ho faritra mena sy ireo izay tena ahitana asan-dahalo. Ny fandriampahalemana eny an-drenivohitra dia ho tohizana ihany koa amin'ny alalan'ny fametrahana "brigade" manokana sy ireo ivotoerana fanofanana. Mazava ho azy fa izany dia mifandray amin'ny Tetikasa fanamafisana ny filaminam-bahoaka».

Ny Governemanta dia mihevitra ny hanome fitaovana sy kojakoja mifanentana amin'ny asa ampandraiketina ny Polisy, ny fametrahana ny « Directions Régionales de Sécurité Publique » miisa 23, ny fanamafisana ny ady atao amin'ny kolikoly, ireo hetsika fiarovana ny fifamoivoizana, ny ady atao amin'ny « cybercriminalité », ny fanamafisana ny fitsirihana ireo fidirana sy fivoahana ny sisin-tany, ny fametrahana ireo mpiambina miisa 16 ho an'ny fiarovana ny tanana (08 ho an'i Toamasina, 08 ho an'i Tanamasoandro) sy ny fanamafisana ny fahafaha-mandray mpianatra eo amin'ny « Ecole de la Police Nationale » ka ahafahana mandray mpianatra ho Polisy miisa 1250.

Eo amin'ny lafiny Fitsarana dia novinavinaina ny hametraka fenitra eo amin'ny lafiny fiarovana izay tokony arahan'ireo asa fanamboarana ireo fotodrafitrasa momba ny Fonja sy hampivoatra ireo hetsika fampidirana anaty fiaraha-monina indray ireo izay nivoaka ny fonja eo anivon'ny Fonja miisa telopolo (30).

Mba hanomezana antoka ny fahatsaran'ny fitantanana ara-bola, ny famolavolana, ny fitantanana, ny fanaraha-maso ary ny fanadihadiana ny politikan'ny fanjakana mikasika ny fitantanana sy ny fampandrosoana ara-toekarena, ny fahefana mahefa amin'izany dia hijery:

- Ny fiarovana ny fadin-tseranana na « sécurisation douanière » mba hisian'ny fitomboan'ireo vola miditra amin'ny alalan'ny fametrahana ny « SYDONIA World »;
- Ny fanamafisana ny fanaraha-maso ireo fandraiketana ara-bola na « engagements financiers » amin'ny alalan'ny fanamaivanana ny « contrôle a priori » sy « contrôle posteriori »;
- Ny fanomezana antoka ny famatsiana ireo asa ho an'ny fampiasam-bola.

Mikasika ny fanatsarana ny fitantanana sy ny rafitra ho an'ny fanomezam-baovao na « système d'information», tetikasa lehibe dimy (05) no ho tanterahana:

- Ny tetikasa fanatsarana ireo rafitra fikirakirana ireo kopia sy sora-piankohonana sy ny fametrahana ireo antontan'isa manan-danja;

- Ny fanamafisana ny fahafaha-manaon'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana;
- Ny fandaharan'asa fanavaozana ny ny fitantanana-draharaham-panjakana sy ny fampanarahana toetr'andro ireo hetsika ataon'ireo vondrom-bahoakam-paritra.
- Ny fametrahana « système intégré d'échange et de partage d'informations et des données maritimes » ;
- Ny tetikasa mitondra ny anarana « Développement des capacités des chefs des circonscriptions administratives et territoriales » dia ahompana amin'ny fanatanterahana ireo asa ireo amin'ny alalan'ny fividianana milina ho an'ireo Faritra miisa 23 entina hanamboarana lalana.

Raha ny momba ny fampananan'asa, ny Governemanta Malagasy dia maminavina ny (i) hanamafy ny fahafaha-manao ara-pitaovana sy arak'olona ny «programme transversal» ii) hankany amin'ny vavahadin-tserasera fitantanana ara-kaitao ara-kajy mirindra voaaro na "portail administration numérique sécurisée" ary iii) hamolavola fandaharan'asa ho an'ny firenena mikasika ny asa mendrika 2020-2024 na «programme pays pour le travail décent 2020 – 2024».

Mikasika ny indostria, izay anisan'ny fototra lehibe iankinan'ny fampandrosoana, ny Fanjakana dia hitoky amin'ny tetikasa filamatra sasantsasany ka isan'izany :

- Ny fampandrosoana ny indostria sy ny fandraharahana ary ny asa tàmàna;
- Ny fampiroboroana ny fifaninanam-pirenana na « compétitivité nationale » ;
- Ny fankatoavana ny Didim-panjakàna fametrahana ireo fifanarahana ao anatin'ny sehatra harena an-kibon'ny tany (atrikasa, fivoriana sy fihaonana fampahafantarana) ;
- Ny fanavaozana ireo Didim-panjakàna momba ny satan'ny volamena na « régime de l'or » (atrikasa, fivoriana sy fihaonana fampahafantarana)
- Ny « Doing Business » ;
- Ny fananganana ny vavahadin-tserasera ho an'ny varotra na « portail de commerce ».

Momba ny haino aman-jery, ny Fanjakana dia maminavina ny fifindrana mankany amin'ny fampitana ara-nomerika na « diffusion numérique » ; ny hampandroso ireo « stations complexes audio-visuelles » any amin'ireo Faritany ary koa ny fitahirizana sy ny fitantanana ireo tahirin'ireo mozea. Ho fanampin'izany, ho hamafisina ny rafitra fampahalalana sy fifandraisana eny amin'ny tontolo ambanivohitra.

Mikasika ny fitantanana ny faritra Malagasy, ny sampandraharaha misahana izany dia hametraka fandaharan'asa fanohanana amin'ny fahombiazan'ny fitantanana-draharaha mba hisian'ny fitantanana mangarahara ireo loharanon-karena ary fandaharan'asa fanavaozana ny fampiasam-bola amin'ny sehatry ny lalana. Ankoatr'izany, noeritreretina ihany koa ny fandaharan'asa fampandrosoana ny rafitra tahirin-kevitra fototra ary ny fampielezana ireo vaovao ara-paritra.

## SEHATRA SOSIALY

Toy ireo firenena an-dalàm-pandrosoana rehetra, ny mahakasika ny sosialy dia fanamby lehibe ho an'i Madagasikara. Ny ankamaroan'ny Malagasy dia miaina latsaky ny fetra farany ambanin'ny fahantrana. Ho fanampin'izany dia matetika tratran'ireo loza ateraky ny toetr'andro toy ny rivo-doza, ny tondra-drano, ny hain-tany izay vao mainka mampihena ny fari-piainan'ny vahoaka. Ny fiahiana ara-tsosialy napetraka

hatramin'izao dia voafetra ihany ary tsy mahasehaka ireo tena mila izany. Manoloana izany, ny Governemanta dia hametraka laharam-pahamehana. Ireo ministera voakasik'izany dia handray anjara amin'ny fampiakarana haingana sy maharitra io sehatra io mba hanomezana ireo Malagasy ny fahafahana miditra amin'ireo tolotra ara-tsosialy tsara kalitao ary hanatsara, arak'izany, ny fiainana andavanandron'ny Malagasy.

Anisan'ny famapanantenana nataon'ny Filohan'ny Repoblika, ireo tombontsoa sy fanohanana manokana ireo vondrona izay sokajiana ho marefo toy ireo vehivavy, ireo ankizy, ireo olona antitra, ireo olona manan-kilema, ireo tanora mitady asa ary ireo mponina miaina anaty fahantrana lalina. Manoloana izany, ny fandanium-bolam-panjakana ho an'ny fanamafisana ny mahakasika ny sosialy dia ho ampitomboana. Vola mitentina 217.9 miliara Ariary eo amin'ny hana-pamokarana anatiny no hatokana amin'ny fanatsarana ireo tolotra ara-pahasalamana sy ny rafi-panabeazana, ho fanamafisana ny fiahiana ara-tsosialy sy ny fiahiana ny vehivavy, amin'ny fampidirana ireo tanora, amin'ny fampahavitrihana ny fanatanjahan-tena ary ny fanomezan-danja ny fifandraisana sy ny kolontsaina.

Ny ankamaroan'ireo fianakaviana izay marefo ara-toe-karena dia voahilika ao amin'ny rafitra ara-pahalasamana manaraka ireo fenitra ilaina. Ny fahalafosan'ireo vokatra ara-panafody dia vao mainka manasarotra izany. Mikasika ny **Fahasalamana**, ny Fanjakana dia manaiky ny hanao ny fahasalamana ho zo tsy azo esorina ho an'ny olom-pirenena tsirairay avy amin'ny alalan'ireo tetikasa manaraka ireto:

- Ny fanohanana ireo « systèmes hospitaliers universitaires » amin'ny fanomezana fitaovana ara-teknika, ankoatra ny tetikasa ara-potodrafitrasa;
- Ny fampanarahana fenitra ireo hetsika mahakasika ny famindran-drà na « actes de transfusion sanguine » eto Madagasikara ;
- Ny fanohanana amin'ny fampandehanana ny « Couverture Sanitaire Universelle (CSU) » ;
- Ny fanohanana ireo fandaharan'asa ho fiadivana sy ho fisorohana ireo areti-mifindra sy aretina tsy mifindra;
- Ny fanohanana ny politikan'ny fahaveloman'ny reny sy ny zaza, ka anisan'izany, ny fanatsarana ny fiterahana azo antoka na « maternité sans risque », ny fandrindram-pianakaviana na « planification familiale », ny fahasalaman'ny ankizy sy ny tanora, ny fisorohana sy ny ady amin'ny IST/VIH, ireo « cancers gynécologiques et les fistules obstétricales »;
- Ny ady amin'ireo aretina tsy noraharahiana sy vao misondrotra na « maladies négligées et émergentes » ;
- Ny fisorohana ny faharefoana ara-tsakafo;
- Ny fandraharan'asa fidirana an-tsehatra manolona ny fiparitahan'ireo valan'aretina sy ireo loza izay ho tanterahan'ny « ex-équipe sanitaire mobile ». Izany dia mikasika ny fanohanana ara-teknika sy ara-pitaovana ireo « intrants des services mobiles régionaux d'intervention » ary ny fitantanana ireo « risques sanitaires » mifandraika amin'ireo loza sy fiparitahan'ny valan'aretina.

Ao anatin'ny vinan'ny fisandratana, ny **tanora** sy ny **fanatanjahan-tena** dia sehatra ahafahana manandratra avo ny voninahi-pirenena. Ny tanora dia mitana toerana lehibe ho an'ny Governemanta ary ny fanatanjahan-tena dia sehatra iray ahafahan'ny olombelona mahita fivelarana. Ny Fanjakana dia mieritreritra ny hampavitribitrika indray ny tanora sy ny fanatanjahan-tena eto Madagasikara amin'ny alalan'ny

fampiroboroboana ny fampidirana eo amin'ny fiaraha-monina ireo tanora, ny fanohanana ny "sport-étude" ary ny fiantohana ny fandraisan'ajaran'ireo atleta sy mpanao fanatanjahan-tena avo lenta Malagasy amin'ireo fifaninanana isam-paritra sy iraisam-pirenena. Ankoatra ireo tetikasa mikasika ny fotodrafitrasa, tetikasa maro no ho tanterahana ao anatin'izany, toy:

- Ny fampidirana amin'ny sehatry ny matihanina sy amin'ny asa ireo tanora Malagasy;
- Ny fandaharan'asa fampiroboroboana ny fandraharahan'ny tanora ka anisan'izany ny fikarakarana fivoriana ho fampiofanana ireo tanora amin'ny fandraharahana an-tanàn-dehibe sy eny ambanivohitra ary ny fampielezana ny tari-dàlana amin'ny teny malagasy mikasika ny fanohanana ny famoronana orinasa tena madinika sy kaoperativa ho an'ny tanora;
- Ny fanohanana ireo fandaharan'asa fiarovana ireo tanora;
- Ny fanomezana fitaovana ho an'ny « Palais des Sports et de la Culture de Mahamasina » ;
- Ny fanohanana ny fanavaozana ny fanabeazana ara-batana sy ara-panatanjahan-tena na « éducation physique et sportive »;
- Ny fandaharan'asa ho an'ny fanatanjahan-tena sy ny fialam-boly, tohana ho an'ny fahaizamitantana sy filaminana;
- Ny fanohanana ireo fandaharan'asa fanatanjahan-tena sy fianarana na « sport-étude »;

Manoloana ny toe-draharaha ara-piaraha-monina sy ara-toekaren'ny Malagasy, ny fanatsarana ny fari-piainana dia laharam-pahamehana ao anatin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana. Noho izany, ny Fanjakana dia hanatanteraka tetika izay hanana vokatra azo tsapain-tànana ho an'ny fampandrosoana ny **mponina**. Ny tanjona dia ny hanome antoka ny fiahiana ara-tsosialy sy ny fari-piainana mendrika. Hahatanterahan'izany dia tetikasa maro no ho atao toy :

- Ny fandaharan'asa ady amin'ny fitrandrahana tsy ara-dalàna ny olombelona na « lutte contre traite des êtres humains » ;
- Ny fampivoarana ny fampitovian-jo sy ny fahombiazana ara-toe-karen'ny vehivavy ;
- Ny fandaharan'asa fampiroboroboana ny zon'ireo olona manana fahasembanana ;
- Ny fampivoarana ny satan'ireo zokiolona;
- Ny tantsoroka ho an'ireo tokatrano tena mahantra sy marefo;
- Ny fanatsarana ireo zo sy ireo fiarovana ny ankizy;
- Ny fanamafisana ny ady amin'ny fampiasana ny ankizy eto Madagasikara;
- Ny fandaharan'asa fampiroboroboana ny fampandrosoana ara-tsosialin'ny mponina;
- Ny « service civique au service développement humain et durable phase II » ;
- Ny fanohanana ny « développement communautaire et social phase II des projets d'appuis aux couches défavorisées et HIMO développement ».

Ny fampiroboroboana ny loharanon-karena mifototra amin'ny olona dia singa iray fototra ahafahana manana toe-karena matanjaka sy mampiroborobo ny fandrosoana ara-piaraha-monina. Ao anatin'ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana sy ireo fampanantenan'ny Filoham-pirenena dia hisy ireo fanatsarana sy fanavaozana eo amin'ny rafitra **fanabeazana**. Ao anatin'izany dia ho tanterahana ireto tetikasa manaraka ireto:

- Ny fampandrosoana sy ny fampiroboroboana ny fanabeazana fototra sy ny fampianarana any amin'ny garobola amin'ny alalan'ny fanomezana ireo fitaovana ilain'ireo efitrano sy trano natsangana: fanomezana solaitra be miisa 16000 sy bokim-pampianarana ho an'ny mpianatra miisa iray (01) tapitrisa ary ny fizarana maimaimpoana ireo « kits scolaires»;
- Ny fampiroboroboana ny fanabeazana ivelan'ny rafi-panabeazana na « éducation non formelle »;
- Ny fampandrosoana ny fampianarana ambaratonga faharoa amin'ny alalan'ny fanomezana akanjo mpianatra miisa efatra (04) tapitrisa;
- Ny fanohanana ny fampiofanana ara-teknika sy arak'asa eo amin'ny sehatry ny « BTP» (fanomezana fitaovana informatika sy elektronika);
- Ny fananganana na fanitarana ireo toerana fampiofanana arak'asa any amin'ireto faritra lavitra ireo foiben'ny Distrika na « chefs-lieux de District» nefa afaka hisian'ny famoronan'asa maro; ary ny fananganana na fanitarana ireo « Lycées Techniques et Professionnels»;
- Ny fanohanana ny fampianarana ambaratonga fototra amin'ny sehatry ny sakafo.

Noho ny fahafantarany tsara ireo fahasaratana misy eo amin'ny sehatry ny **fampianarana ambony**, ny Fanjakana dia mametraka tetikasa laharam-pahamehana mba ahafahana manohana sy manatsara io sehatra io ka isan'izany:

- Ny fandaharan'asa « Appui à la Gouvernance de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche pour une meilleure employabilité » ;
- Ny fampiofanana amin'ireo asa ao amin'ny « Ecole Technique et Formation Professionnelle (ETFP) » ;
- Ny fampijoroana maharitra ireo « écoles doctorales » ;
- Ny fandaharan'asa fanamafisana ny rafitra « Licence-Master-Doctorat (LMD) ».

### SEHATRA FAMOKARANA

Anjara toerana lehibe no omena ny sehatra famokarana izay mandrafitra ny vato fehizoron'ny fisandratan'ny toekarena. Ny firenena misandratra tokoa dia faritan'ny fahatratrarany fitomboana haingana eo amin'ny toekarena izay ombain'ny fiovana misongadina eo amin'ireo rafitra izay mizotra mankany amin'ny tontolo misy ireo firenena mandroso. Araka izany, ny Fanjakàna dia hampisongadina ireo tetikasa hana-pamokarana sy ireo tohana ho an'ny famokarana ato anatiny mba hanombohana ny fitomboana haingana eo amin'ny Harikarena faobe (HAF). Ny Filoham-pirenena dia mikendry ihany koa ny « Handrakotra ala indray an'i Madagasikara » mba hampivadiana ny fivoaran'ny toekarena amin'ny fampandrosoana maharitra. Io sehatra io dia mahahenika ny 5.7%-n'ny FFBP, izany hoe sora-bola mitentina 76 miliara Ariary no aompana amin'izany avy ato anatiny. Marihana fa io sehatra io dia hisitraka ampahany betsaka amin'ny FFBP vatsian'ny vola avy any ivelany. Ny Governemanta dia nandahatra ireto tetikasa laharam-pahamehana ireto, toy ny

- Ireo tetikasa iadiana amin'ny fahasimban'ny tontolo iainana, ny hery enti-miatrika ireo loza ara-toetrandro avy amin'ny alalan'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fandaharanasa tantsoroka ho an'ny fitantanana ny tontolo iainana. Etsy ankilany dia misy tetikasa maro ihany koa ho

tanterahana toy ny: Fandaharanasa iadiana amin'ny doro tanety sy fandrakofana ala indray ny velaran-tany mirefy 40 000 ha izay ho volena azo isan-taona;

- Ny « Programme de renforcement de la résilience du secteur riz au changement climatique » ;
- Ny « maintien de l'intégrité écologique des écosystèmes » atao eny amin'ireo Faritra rehetra eto Madagasikara ;
- Ny « Fonds d'investissement pour les parcs nationaux » ;
- Ny « Conservation de la biodiversité et la gestion des ressources naturelles » ;
- Ny « Programme de renforcement des conditions et des capacités d'adaptation durable au changement climatique à Madagasikara » ;
- Ny « Programme de réhabilitation et de protection des sols » ;
- Ny « Programme de protection et de réhabilitation des sols pour améliorer la sécurité alimentaire » ;
- Ny « fondation pour les aires protégées et la biodiversité de Madagasikara » ;
- Ny « Programme Environnement » ;
- Ny « Gestion participative et durable des terres dans le moyen ouest » ;
- Ny « Renforcement du réseau des nouvelles aires protégées de Madagasikara » ;
- Ny « Restauration de l'Ecosystème de satrana et raphia dans les régions Boeny et Diana au Nord-Ouest de Madagasikara » ;
- Ny « suivi et restauration écosystèmes naturels dégradés dans la Région d'Analamanga ».

Mitohy amin'izay ihany, ny Fanjakàna dia mampiroborobo amin'izao fotoana izao ny fampandrosoana ny « **Industrie verte** » sy ny fanomezana lanja ireo vokatra avy eto an-toerana, indrindra ny fanampiana amin'ny famokarana « ethanol » sy ny famokarana manaraka ireo fenitra ireo « Toaka gasy ». Anatin'izany ainga izany dia tokony hitoky amin'ireo harena ananany eo amin'ny lafiny tontolo iainana ara-boajanahary i Madagasikara izay hery manosika ny toekarena. Tetikasa maromaro no ho tanterahana :

- Ny fanomezana tohana ara-teknika sy ara-bola ireo mpanao asa tanana miisa 50000 ao anatin'ny tetikasa « FIHARIANA » ;
- Ny tohana omena ireo indostria miisa 119 any amin'ireo Faritra ao anatin'ny tohana « FIHARIANA » ;
- Ny fametrahana « Centres d'Appui à la Technologie et à l'Innovation (CATI) ho an'ny « FIHARIANA » miisa folo (10) ;
- Ny fanomezana hery indray ny « chambres de métiers » ;
- Ny « Accréditation du laboratoire de chimie et de microbiologie ».

Momba ny **sehatra harena an-kibon'ny tany**, ny Governemanta dia manana tanjona lehibe dia ny famoronana sanda avy amin'ny fihariana ho tombony ho an'ny firenena. Izany voalaza izany dia ny fandraisana fepetra mba hisian'ny fitsirihana tsara kokoa eo amin'ireo lalana izorana ao anatin'ny fitrandrahana volamena sy ireo vato sarobidy. Mirazotra amin'izany, ny famolavolana ny rafitra ara-informatika izay voatokana no ahafahana manatsara ny fahitana ny lalana alehan'ireo vokatra azo avy amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany sy hampihenana ireo fitrandrahana ataon'ny sehatra tsy ara-dalàna. Ny fanatrarana ireo tanjona ireo dia ho hita soritra ao anatin'ny tetikasa maro, nefa ny maro amin'izy

dia ho vatsian'ny vola avy any ivelany ary ho voasokajy ao anatin'ny sehatra fotodrafitrasa sy sehatra raharaha.

Ankoatra izany, ny Filohampirenena dia nametraka fanamby lehibe maro, anisan'izany, ny **fahavitan-tena ara-tsakafo** dia tokony ho tratra eo amin'ny vanim-potoana ivo ezaka. Ny fanjakana dia hanolotra araka izany « Titre vert » izay misy velaran-tany 10 ha ho an'ireo tanora manao fihariana eo amin'ny sehatry ny fambolena, mba hampiroboroana ireo taranjam-pamokarana vary, katsaka, sns. Lemaka mirefy 50 000 ha ihany koa no hajariana ho an'ny fambolem-bary, ary izany dia mba hahatongavana amin'ny vokatry 8 taonina isaky ny hekitara farafahakeliny. Io sehatra io koa manoloana izany dia misitraka famatsiam-bola goavana avy amin'ireo PTF. Ho an'ny sehatra fiompiana, dia hiavaka fa ireo toerana lehibe fiompiana no averina hiodina indray ary labatoara maro no apetraka amin'ny renivohitr'ireo Faritra. Vokatry'izany, rehefa noraisina ny anjara toerana ara-toekarena tanan'io sehatra voalaza io, ny Minisitery dia hanatanteraka tetikasa maro.

Ho an'ny **Fambolena**, dia ezaka maro no ho atao: ny fampiroboroana ny sampam-pamokarana vary sy ireo sampam-pamokarana hafa toy ny katsaka; ny fanamorana ny fidiran'ny mpampiasa vola mivantana avy eto an-toerana eo amin'ny sehatra « agrobusiness »; ny fanatsarana ny tolotra ara-pambolena mba ho tombontsoan'ireo mpamokatra. Mba ahafahana manatanteraka ireo lahasa ireo, dia fandaharan'asa sy tetikasa maro no vinavinaina ka anisan'izany:

- Ny « Programme de développement agricole et de sécurité alimentaire » ;
- Ny « Projet de suffisance alimentaire par la fourniture de tracteurs » ;
- Ny « Appui d'urgence à la mise en place d'un système de surveillance, de riposte et de contrôle intégré de la chenille légionnaire d'automne à Madagasikara » ;
- Ny « Programme de lutte antiérosive » ;
- Ny « Projet d'appui au développement de Menabe et Melaky » ;
- Ny « Appui au renforcement des organisations paysannes et services agricoles » ;
- Ny « Projet d'appui à l'amélioration de la productivité agricole à Madagasikara » ;
- Ny « Production riz et engrais » ;
- Ny « Projet suffisance alimentaire par la fourniture de tracteurs » ;
- Ny « Lutte antiacridienne » ;
- Ny « Ajustement sectoriel développement rural et appui aux services agricoles » ;
- Ny « aménagement rizicole dans les pôles de production à Madagasikara » ;
- Ny « Appui à la mécanisation agricole » ;
- Ny « Promotion des techniques agros écologiques et de l'arboriculture fruitière » ;
- Ny « Projet de promotion des filières végétales de rente et vivrières » ;
- Ny « Projet de développement du dispositif des services agricoles composants 2 : mise en place des antennes régionales de FDA » ;
- Ny « Appui à la réalisation du recensement agricole » ;
- Ny « Promotion et développement rizicole ».

Mikasika ny sehatra **Fiompiana**, ny Governemanta malagasy dia mihevitra ny hanamafy ny fandrosoan'ny fiompiana amin'ny alalan'ny : fanatsarana ny fanarahan-dia ireo omby ; ny famoronana tontolo fandraharahana tsara sy mahasarika ; ny fampitomboana isa ireo toerana famonoana sy labatoara manara-

penitra ; ny fanamorana ny fisitrahana ireo kojakoja ho an'ny fanodinana avy ato anatin'ny ireo vokatry azo avy amin'ny fiompiana. Mba ho fanatanterahana izany, ireto tetikasa manaraka ireto dia ho vitaina amin'ity taona ity miaraka amin'ny vola avy ato anatin'ny, toy ny :

- Fanitarana ny rafitra famantarana ara-elektronika na « Extension du système d'identification électronique » ho an'ireo omby eto Madagasikara ;
- Ny « Projet de développement de l'élevage à cycle court (appui à la filière des petits ruminants avicoles et apicoles) » ;
- Ny tan-tsoroka ho an'ny fampiroboroboana ny fiompiana madinika sy fanamafisana ireo fikambanam-behivavy eny ambanivolo na « Appui à la promotion de l'élevage familial et au renforcement des groupements des femmes rurales » ;
- Ny « Appui à la valorisation des potentiels génétiques des petits ruminants » ;
- Ny « Programme de vigilance des laboratoires vétérinaires aux maladies exotiques » ;
- Ny « Amélioration de la production animale par le respect de la protection et du bien-être des animaux » ;
- Ny « Programme de mise en conformité des services vétérinaires aux normes internationales » ;

Ho an'ny sehatry ny **jono** : Ny fanomezan-danja azy io dia tsy hita taratra loatra amin'ireo lahasa mpanosika ny fitomboana ho an'i Madagasikara. Vokatry'izay, ny Fanjakana dia mihevitra ny hanohana ny fampandrosoana ny fiompiana anaty rano amin'ny alalan'ny fanatsaràna ny fanaraha-maso ireo jono ; ny fanomezana fitaovana manaraka ny fenitra sy ireo aro loza ho an'ireo mpanjono madinika ; ny fizarana zana-trondro tsara kalitao ho an'ireo mpiompy trondro sy ireo mpiompy trondro eny an-tanimbary amin'ireo faritra rehetra manerana an'i Madagasikara. Mba hahatanterahana ireo asa ireo, dia azo tanisaina ireo tetikasa:

- Ny « Programme pêche et aquaculture durables à Madagascar » ;
- Ny « Promotion et le développement de la valorisation des ressources halieutiques » ;
- Ny « Relance de l'aquaculture » ;
- Ny « Partenariat dans le secteur de la pêche - appui sectoriel ».
- Ny « Renforcement de l'autorité sanitaire halieutique compétente (RASHC) ».

## 5.2- IREO FAMPIASAMBOLA VATSIAN'NY LOHARANOM-BOLA AVY ANY IVELANY

Ireo loharanom-bola avy any ivelany dia hiantoka amin'ny ampahany betsaka ny famatsiana ireo Fampiasambolampanjakana amin'ny ankapobeny, izany hoe 60.1%-n'ny totaliny. Ireo tetikasa izay ho vatsian'ny vola avy any ivelany araka izany dia hitentina 2 312.3 miliara Ariary. Ireo dia tetikasa efa mandeha izay mifanaraka amin'ny "Programme-pays" napetrak'ireo PTF tsirairay sy ireo tetikasa vaovao avy amin'ireo fifanaraham-piaraha-miasa vaovao mifanojo amin'ny hetahetan'ny vahoaka Malagasy. Ny Filohampirenena dia nametra fa ny fametrahana ireo tetikasa vaovao manomboka izao dia iantomboka amin'ny famantarana ireo filana misy avy amin'ny Malagasy. Ny Fanjakana ankoatra izay dia milaza fa hiantoka ny fanefany ireo setrin'ireo tetikasa amin'ny alalan'ny fandraisana an-tanana ireo anjara napetraka ho azy ao anaty tetibola. Anatin'izany, ireo tetikasa dia:

- Ny « Projet retard de croissance » iarahana amin'ny IDA ;

- Ny « Projet de Nutrition Communautaire Intégré » ;
- Ny « Programme d'appui à la performance du secteur public (PAPSP) : éducation » ;
- Ny « Projet de l'Office National de Nutrition » izay tohanan'ny GFATM ;
- Ny « Projet de Filets Sociaux de Sécurité ». Izy io dia famindram-bola ho an'ny sehatra ara-tsosialy (FIAVOTA), famindram-bola ho an'ny fampandrosoana ny isam-batan'olona sy vola atakalo asa (Faritra kendrena : Atsimo Andrefana, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Matsiatra ambony, Anosy, Androy, Atsinanana, Vatovavy Fitovinany) ;
- Ny « Projet Scaling solar » ;
- Ny « Projet de développement des énergies renouvelables et alternatives Phase 2 (XI ème FED) » ;
- Ny « Projet d'électrification rurale par les énergies renouvelables » ;
- Ny fanitarana ny seranant-tsambon'i Toamasina;
- Ny fandrakofana tara ny RN5A eo anelanelan'Ambilobe sy Vohémar (Chine);
- Ny fanamboarana « autoroute Ivato-Ambohitrimanjaka »;
- Ny fanarenana ireo fotodrafitrasa momba ny lalana na « Réhabilitation des infrastructures routières » PAIR ;
- Ny fanombohana ny « Programme Immobilier National et mise en œuvre de la Politique Nationale du Logement « TRANO MORA » » ataon'ny « Agence Nationale d'appui au Logement et à l'Habitat (ANALOGH) » sy SEIMAD ; ireo trano naorina voalohany sy/na hetsika fampijoroana maharitra ireo asa efa natomboka tao Antananarivo, Toamasina, Toliary, sy tao amin'ireo Faritra hafa ary ny « Programme participatif pour l'amélioration de bidonvilles et LALANKELY III » izay tohanan'ny AFD ;
- Ny fanarenana sy/na asa fikojakojana mahazatra ireo tetezana, ka ao anatin'izany ny RN9, tetezana Mangoky izay tohanan'ny Vondrona eropeana, BADEA, KOWEIT, ARAB SEOUD, sy ny OPEP ;
- Ny fandinihana ny fanarenana ny tetezana ao Fiherenana, ireo tetezana Mangoro sy Antsapazana ; Atsirinala ao amin'ny RN2 iarahana amin'ny Vondrona eropeana.

Ny sehatra raharaha no mandrafitra ny singa entina mandrindra ireo tetikasa samihafa voaray tao anatin'ny « Initiative Emergence Madagasikara » mifanaraka amin'ny Politika ankapoben'ny Fanjakàna. Na izany aza, ny loharanom-bola eo am-pelatanan'ny Fanjakàna dia tsy afaka manome fahafaham-po ny famaliana ireo filàna eo amin'ny Fanjakàna ka tsy maintsy itodihana amin'ny famatsiam-bola avy any ivelany. Ny fanampian'ireo Mpiara-miombona antoka teknika sy ara-bola dia ilaina amin'ny fanatanterahana ireo tetikasa ireo.

Ireo Mpiara-miombona antoka teknika sy ara-bola dia hanohana ireto tetikasa manaraka ireto :

- Ny « Projet South Résiliency » iarahana amin'ny IDA;
- Ny « Programme de financement des risques et de catastrophes en Afrique », iarahana miasa amin'ny FAD ;
- Ny « Programme pilote de résilience climatique » ;

- Ny « Programme pour la Réduction des Emissions dues à la Déforestation et Dégradation des forêts (REDD+) » ;
- Ny « maîtrise et le renforcement de la stratégie d'approche pour la lutte contre la drogue dans la Région » ;
- Ny fanatanterahana ireo fanapahan-kevitra stratejika noraisina teo anivon'ny Filan-kevitra ny Governemanta na « matérialisation des décisions stratégiques prises au niveau du Gouvernement » ;
- Ny fividianana fitaovana fijerena sy fihainoana ilaina amin'ny fanairana mialoha momba ireo loza, ny fanofanana sy fampahafantarana ny vahoaka ny tokony ampiasana azy ireny ;
- Ny « Projet d'appui à la gouvernance institutionnelle (PAGI) » ;
- Ny « Projet d'appui à la Promotion des Investissements (PAPI) » ;
- Ny « Projet d'Appui à la Performance du Secteur Public 2 (PASP 2) » ;
- Ny « Agrosylviculture autour d'Antananarivo (ASA) » ;
- Ny « Développement agricole et sécurité alimentaire (ASARA) » ;
- Ny « Projet de croissance agricole et sécurisation foncière » ;
- Ny « Programme de coopération agricole » ;
- Ny fandaharanasa fanampiana ny fitantanna eny ifotony ny sehatra jono antsoina hoe « South West Indian Ocean Fisheries (SWIOFISH) », izay misy fandanianana rijan-teny miisa 30 mikasika ny fehezan-dalàna momba ny jono sy ny fiompiana anaty rano ;
- Ny « Relance de la pêche continentale (RPC) » ;
- Ny fanamafisana ireo hetsika isan-tsehatra entina misoroka sy mampihena ireo tranga-na loza tsy ampoizina.

Ireo sehatra hafa dia tsy ho atao anjorom-bala ato anatin'ity LFR 2019 ity nefa noho ny mahabetsaka ireo tetikasa vatsian'ny Mpiara-miombona antoka dia ireo izay mifanandrify amin'ireo tanjon'ny Fisandratana ihany no ho tanisaina eto :

- Ny fitahirizana ireo karazam-biby sy zava-maniry lazaina ho « espèces clés », « endémiques », atahorana ho fongana ary manana ny sandany ara-toekarena ;
- Ny fanomanana ireo « zones d'émergence industrielle » miisa 04 ;
- Ny fampiroboroana ny indostria mpamokatra entana fampiasa amin'ny andavan'andro (menaka, siramamy, lafarinina, simenitra, sns.) ;
- Ny fametrahana toeram-pikotrehina na « incubateur » miisa telo (03): Antsirabe, Toliary, Mahajanga
- Ny fampiroboroana ny Indostria madinika sy salantsalany;
- Ny « Programme de dialogue Public-Privé » any amin'ny Faritra ;
- Ny fametrahana ny « Trade National Council": fifanarahana iraisam-pirenena;
- Ny « Programme de lutte contre le secteur informel » ;
- Ny fametrahana toerana telo (03) fikirakirana ireo hoditra, rofia, landy ho an'ireo tsena ao anatin'ny COMESA;
- Ny fanavaozana ireo « cartes géologiques et minières » ;
- Ny fanoritana sy famaritana ireo tahiri-na harena ankibon'ny tany na « réserves minières » ;

- Ny « Promotion des actions proactives et innovantes en prévention des crises alimentaires » any amin'ny faritra Atsimon' i Madagasikara (PRO-ACTING) » ;
- Ny « Programme de soutien aux pôles de micro-entreprises rurales et aux économies régionales de Madagasikara (PROSPERER) » izay sitrahin'ny orinasa manana endrika « Micro Entreprise Rurale (MER) » miisa 61 000 sy tanora miisa 6100 ;
- Ny « Projet de réhabilitation du système d'irrigation et de gestion de bassins versants sud-ouest lac Alaotra » ;
- Ny fampiroboroboana ireo teknika « agroécologique » sy ny hazo fihinam-boa ;
- Ny fampifanitsiana ireo « chaines de valeurs agricoles » hifanaraka amin'ny fiovaovan'ny toetrandro (PRADA) ;
- Ny « Programme entrepreneuriat des jeunes dans l'agriculture et l'agro-alimentaire (PEJAA) » ;
- Ny tetikasa « Pôle Intégré de Croissance Agro-industrielle dans le Sud (PICAS) » ;
- Ny « Programme d'Appui au Financement de l'Agriculture et aux Filières Inclusives (AFAFI) » ;
- Ny « Projet des jeunes entrepreneurs ruraux du moyen ouest (PROJERMO) » ;
- Ny tetikasa « Croissance Agricole et Sécurisation Foncière » ;
- Ny « Programme de formation professionnelle et amélioration de la productivité agricole (FORMAPROD) » ;
- Ny « Projet d'agriculture durable par une approche paysage (PADAP) » ;
- Ny tetikasa SATREPS iarahana miasa amin'ny Japon ho an'ny fampivoarana ny zezika sy ireo karazana mampiasa ireo « ressources génétiques » ho an'ny fahombiazan'ny famokarana vary ;
- Ny « PDFA - programme de développement des filières agricoles » ;
- Ny fanohanana ny fananganana ny « Centre géo-informatique applique au développement rural (CGARD) » ;

Ny fanohanana anatin'ny hamehana momba ny fametrahana ny « Système de surveillance, de riposte et de contrôle intégré de la chenille légionnaire d'automne » eto Madagasikara.

## **D- NY TROSAM-PANJAKANA**

### *TROSA IVELANY*

Nitombo 6.3% ny fandoavana ny trosam-panjakana ato amin'ny lalàna fanitsiana ny fitantanam-bolam-panjakana 2019 raha oharina amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2019 voalohany. Izany fiakarana izany dia vokatry ny fiakarana mis yeo amin'ny famoahambola. Mitentina 396.9 miliara Ariary ny fitambarany vola ho efaina voarakitra ato amin'ny lalàna fanitsiana ny fitantanam-bolam-panjakana 2019 ka 250.9 miliara Ariary amin' izany no renivola ary mitotaly 146.0 miliara Ariary kosa ny zanabola.

## *TROSA ANATINY*

Ny fandaniahana amin'ny fandoavana ny zanabola amin'ny trosa anatin'ny taona 2019 dia tazonina ho 286.7 miliara Ariary. Ny tahan'ny zanabola fanefana ny taratasimbolam-panjakana amin'ny ankapobeny dia tomanana ho 10%.

### **E- NY KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA**

Tsy ahitam-panovana firy ny kaonty manokan'ny Tahirim-bolam-panjakana. Hahatratra 765.0 miliara Ariary ny fifandanjana eo amin'ny kaontin'ny varotra, ka ny 665.0 miliara Ariary amin'izany dia mahakasika ny kaonty fandoavana ny fisotroan-dronono.

### **F- NY VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY**

Ny vina amin'ny vola ateraky ny fanomezana avy any ivelany dia tsy nahitana fanovana.

### **G- NY FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA**

Ny famatsiana ny fatiantoka anatin'ny ara-tetibolan'ny Fanjakana dia hotanterahina amin'ny fivarotana taratasim-bola eo amin'ny sehatry ny banky sy ny ivelan'ny banky amin'ny ankapobeny. Hahatratra 2 944.5 miliara Ariary ny vola handrandraina hiditra raha toa ka 2 731.4 miliara Ariary ny hivoaka amin'ireo. Noho izany dia hitombo 213.1 miliara Ariary ny antontan-trosan'ny Fanjakana amin'ny taratasim-bola mandritra ny taona 2019.

Ankoatr'izay ny tahirimbolam-panjakana dia afaka manao avansy amin'ny Banky Foibe araka ny fetra voalaza ao amin'ny fitsipiky ny Banky Foibe an'i Madagasikara.

Toy izany no antonanton'izao volavolan-kitsivolana izao.

## **NY MINISITRY NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**VOLAVOLAN-KITSIVOLANA LAHARANA FAHA 2019-XXX  
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY  
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA  
HO AMIN'NY TAONA 2019**



**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**VOLAVOLAN-KITSIVOLANA LAHARANA FAHA 2019-XXX  
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY  
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA  
AMIN'NY TAONA 2019**



**I- FEPETRA MIKASIKA NY HETRA**

**ANDININY VOALOHANY**

Raha tsy mifanohitra amin'ny fepetra voalazan'ity lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ity dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy faditseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2019.

**ANDININY FAHA-2**

**FEHEZAN-DALÀNA ANKAPOBE MOMBA NY HETRA**

Ny fepetry ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao :

**BOKY I**

**HETRAM-PANJAKANA**

**FIZARANA I**

**HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY TOA AZY**

**LOHATENY I**

**HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA**

**ZANADOHATENY I**

**HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA (IR)**

**TOKO VIII**

**FANDOAVANA NY HETRA**

**AMPAHAM-BOLA AROTSAKA MIALOHA**

### **Andininy 01.01.15**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ireo paragirafy dimy farany amin'ity andininy ity :

**« Ho an'ireo mpandoa hetra manana laharam-pamantarana ara-ketra ka manao raharaha fanafarana entana dia takiana ny ampaham-bola arotsaka mialoha amin'ny taha 2 isan-jato ampiharina amin'ny sanda ara-padintseranan'ireo entana nafarana. Tsy iharan'ny fitakiana ny ampaham-bola arotsaka mialoha ireo mpandoa hetra :**

**- misitraka ny fomba fameran-ketra manokana na ahazoana tombon-dahiny eto Madagasikara;**

**- izay manao fanafarana entana hampidirina amin'ny fitanan-kaontin'ny fananana mifaka izay tsy maintsy hampisehoana ny taratasy fanamarinana nankatoavin'ny Fandraharahana ara-ketra.**

**Ny hetra dia kajiana sy raisin'ny Sampandraharahan'ny fadintseranana mialohan'ny famoahana ny entana.**

**Ny ampaham-bola narotsaka mialoha ao anatin'ny taom-piasana iray dia ampidirina amin'ny fikajiana ny hetra tokony aloa amin'io taom-piasana io.**

**Raha hita fa ny hetra tena tokony aloany dia kely nohon'ny vola naloany mialoha, araka ny fepetra voalaza eo ambony, ny vola naloa mihoatra ny tokony ho izy dia ahazoany trosan-ketra izay hamarinin'ny Fandraharahana ara-ketra ary azony esorina amin'ny haba sy ny toa azy haloany any aoriana.**

**Ny fombafomba fampiharana ireo fepetra ireo dia faritan'ny didy امام-pitsipika. »**

## **LOHATENY II HETRA TAMBATRA**

### **TOKO IV FAMORIAN-KETRA**

### **Andininy 01.02.06**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ireo paragirafy enina farany amin'ity andininy ity :

**« Ho an'ireo mpandoa hetra manana laharam-pamantarana ara-ketra manao raharaha fanafarana entana dia takiana ny ampaham-bola arotsaka mialoha amin'ny taha 2 isan-jato ampiharina amin'ny sanda ara-padintseranan'ireo entana nafarana. Tsy iharan'ny fitakiana ny ampaham-bola arotsaka mialoha ireo mpandoa hetra:**

**- misitraka ny fomba fameran-ketra manokana na ahazoana tombon-dahiny eto Madagasikara;**

**- izay manao fanafarana entana hampidirina amin'ny fitanan-kaontin'ny fananana mifaka izay tsy maintsy hampisehoana ny taratasy fanamarinana nankatoavin'ny Fandraharahana ara-ketra.**

*Ny hetra dia kajiana sy raisin'ny Sampandraharahan'ny faditseranana mialohan'ny famoahana ny entana.*

*Ny mpandoa hetra izay mihevitra fa ny vola naloany mialoha dia mira na mihoatra ny latsakemboka izay tsy maintsy aloany dia afaka mampiato ny fandoavana ny vola rehetra arotsaka mialoha ho an'ny taona itsahina amin'ny alalan'ny fametrahana fanambaràna voaisy daty sy sonia amin'ny mpiasa miandraikitra ny famorian-ketra, alohan'ny daty voatondro andoavana izany.*

*Ny ampaham-bola narotsaka mialoha dia ampidirina amin'ny fikajiana ny hetra tokony aloa amin'ny fotoana anaovana ny filazana.*

*Ny fombafomba fampiharana ireo fepetra ireo dia faritan'ny didy amam-pitsipika. »*

LOHATENY III  
HETRA ALAINA AMIN'NY KARAMA SY NY TOA AZY (IRSA)

TOKO II  
SEHATRA FAMPIHARANA

SOKAJY II  
VOLA MIDITRA TSY IHARAN'NY HETRA

**Andininy 01.03.03**

Ampiana 9° izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

*« 9° Ny karama raisina avy amin'ny ora fiasana fanampiny izay tsy mihoatra ny 20 ora. Ny andinindininy momba ity fepetra ity dia holazaina amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika. »*

TOKO VI  
FAMARITANA NY HETRA

**Andininy 01.03.16**

Ovàna ho toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny « A. Lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka » amin'ity andininy ity:

*« A. Lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka*

*- Hatramin'ny Ar 350 000 : 0 isan-jato*

*- Ampahany ambonin'ny Ar 350 000 : 20 isan-jato*

*Na izany aza, ny hetra aloa dia tsy tokony ho latsaky ny Ar 2000. »*

FIZARANA III  
HETRA TSY MIVANTANA

LOHATENY I  
HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA (DA)

TOKO IV  
FEPETRA MIFEHY NY FIOTAZANA NA FANAMBOARANA, FIVIDIANANA ETO AN-TOERANA SY NY  
FANAFARANA NY VOKATRA IHARAN'NY HETRA TSY MIVANTANA AMIN'NY FANDANIANA

SOKAJY I  
FANOMEZAN-DALANA HIOTY NA FANAMBOARANA, FIVIDIANANA ETO AN-TOERANA SY NY  
FANAFARANA

**Andininy 03.01.06**

Ovàna ho toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny tsipika farany amin'ity andininy ity:

« - *ny paraky, ireo mpanamboatra nahazo fankatoavana. Na izany aza, ny sandan'ny fanafarana sigaran'ireto farany dia ferana ho 5 isan-jaton'ny sandan'ny vokatra vokarina eto an-toerana ; »*

FIZARANA VI  
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY

LOHATENY I  
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY (TVA)

TOKO II  
SEHATRA FAMPIHARANA

SOKAJY III  
VOKATRA SY RAHARaha TSY IHARAN'NY HABA

**Andininy 06.01.06**

Ovàna ho toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny 17 ° amin'ity andininy ity:

«*17° Ny fanafarana sy ny fivarotana lay misy ody moka sy ny ody moka. Ny fanafarana sy ny fivarotana fimailo ; »*

Ovàna ho toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny 21 ° amin'ity andininy ity:

«*21° Ny fivarotana katsaka; ny fanafarana sy fivarotana varim-bazaha, vary sy akotry; ny fanafarana sy fivarotana ronono sy fanampin-tsakafo ara-pahasalamana ho an'ny zazakely sy ny ankizy madinika ; »*

SOKAJY IV  
VOKATRA SY RAHARaha IVELAN'NY SEHATRA FAMPIHARANA

**Andininy 06.01.08**

Ovàna ho toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny 1° amin'ity andininy ity:

«1°- ny karama raisin'ireo mpiasa amin'ny sokajin'asa rehetra, ny vola miditra amin'ireo mpikambana mpitantana manana ny petra-bola be indrindra amin'ny S.A.R.L. izay toy ny karamany ;  
»

## TOVANA

### LISITR'IREO VOKATRA AFAHANA AMIN'NY HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY

#### Andininy 06.01.06 14°

- Ampidirana ireto andalana manaraka ireto aorian'ny andalana mifanaraka amin'ny laharana 85.07.80.10 :

85.13 Lampes électriques portatives, destinées à fonctionner au moyen de leur propre source d'énergie (à piles, à accumulateurs, électromagnétiques, par exemple), autres que les appareils d'éclairage du n°85.12.

85.13.10 - Lampes

85.13.10.10 - - - Lampes solaires

- Ampidirana ireto andalana manaraka ireto aorian'ny andalana mifanaraka amin'ny laharana 85.16.10.10 :

85.39 Lampes et tubes électriques à incandescence ou à décharge, y compris les articles dits « phares et projecteurs scellés » et les lampes et tubes à rayons ultraviolets ou infrarouges ; lampes à arc; lampes et tubes à diodes émettrices de lumière (LED).

85.39.50 - Lampes et tubes à diodes émettrices de lumière (LED)

85.39.50.10 - - - Kits composés de lampes et tubes à diodes émettrices de lumière (LED), de boîtiers de chargement avec ou sans batterie incorporée et de panneaux photovoltaïques

#### Andininy 06.01.06 17°

- Ampidirana ity andalana manaraka ity aorian'ny andalana mifanaraka amin'ny laharana 38 08 91 10:

40.14.10.00 - Préservatifs

#### Andininy 06.01.06 21°

- Ovàna toy izao ny fafana mikasika ny andininy 06.01.06-21° :

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
04.02	Lait et crème de lait, concentrés ou additionnés de sucre ou d'autres édulcorants.
04.02.10	- En poudre, en granulés ou sous d'autres formes solides, d'une teneur en poids de matières grasses n'excédant pas 1,5 % :
04.02.10.10	- - - Lait diététique pour l'alimentation des enfants conditionné pour la vente au détail
04.02.21	- - Sans addition de sucre ou d'autres édulcorants
04.02.21.10	- - - Lait diététique pour l'alimentation des enfants, conditionné pour la vente au détail
04.02.29	- - Autres :
04.02.29.10	- - - Lait diététique pour l'alimentation des enfants, conditionné pour la vente au détail
10.01	Froment (blé) et méteil.
	- Froment (blé) dur :
19.00	- - Autres

10.05	Maïs
90.00	- Autres
10.06.10.00	- Riz en paille (riz paddy)
10.06.20.00	- Riz décortiqué (riz cargo ou riz brun).
10.06.30	- Riz semi-blanchi ou blanchi, même poli ou glacé :
10.06.30.10	- - - Riz de luxe des qualités RL 1 et RL 2.
10.06.30.90	- - - Autres
10.06.40.00	- Riz en brisures
16.02	Autres préparations et conserves de viande, d'abats ou de sang.
10.00	- Préparations homogénéisées
21.06.90.50	- - - Compléments diététiques pour enfants

**BOKY II**  
**HETRAM-BONDROM-BAHOAKA**  
**LOHATENY IX**  
**HABA AMIN'NY DOKAMBAROTRA**  
**ZANA-DOHATENY I**  
**DOKAMBAROTRA AMIN'NY ALALAN'NY AFISY, TAKELABY,**  
**MARITSENA MIREHITRA JIRO NA FITAOVANA Hafa MANDEHANDEHA**  
**TOKO III**  
**FIKAJIANA NY HABA**

**Andininy 10.09.04.**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny 3° sy 4° amin'ity andininy ity:

*« 3° 15 000 Ariary isaky ny metatra toradroa ary isan-taona ho an'ny afisy miloko, takelaby misy dokam-barotra ary ny afisy rehetra ankoatry ny amin'ny taratasy mipetraka eny ankalamanjana na tsy eny amin'ny rindrina sy ny fanorenana ;*

*4° 15 000 Ariary isaky ny metatra toradroa ary isan-taona ho an'ny afisy sy ireo maritsena mirehitra jiro isan-karazany mipetraka amin'ny filanjana na andry hafa na azo avy amin'ny fandefasan-tsary an-takelaka, na amin'ny fomba samihafa. Mitovy sokajy amin'izany koa ireo afisy, takelaby mirehitra jiro hazavain'ny fitaovana manokana amin'ny alina. »*

**BOKY III**  
**FEPETRA IRAISAN'NY HETRA, SARA SY HABA VOARAKITRA AO AMIN'NY BOKY I SY II AMIN'ITY**  
**FEHEZAN-DALANA ITY**  
**LOHATENY I**  
**FAMORIAN-KETRA**  
**TOKO III**  
**SAZY SY LAMANDY**  
**SOKAJY VI**  
**FANDIKAN-DALANA Hafa**

**Andininy 20.01.56.**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity:

**« Ny tsy fanatanterahan' ireo olona iharan'ny Haba amin'ny Tataom-bidy ireo ny andraikitra voalazan'ny fepetry ny andininy 06.01.26 andalana faha 3 sy 4 dia handoavana lamandy hatramin'ny 10 isan-jaton'ny fifanakalozana nataony. »**

**Ny sisa tsy misy fanovàna.**

**ANDININY FAHA-3**

**FADINTSERANANA**

**A- MIKASIKA NY FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY FADINTSERANANA :**

**1. Ovaina toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andininy faha-2 :**

**Antony :** Ho fanoritana amin'ny alalan'ny Fitsipika ny ny fomba fikajiana fakana haba amin'ny Faditseranana.

**Tsy hoe:**

**And. 2. - 1°** Amin'ny hoe « *haba amin'ny Faditseranana* », dia raisina ny sara izay natao hiarovana ny varotra sy ny indostria ary ny fambolena eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara ka ny tahan'izany dia mety hiovaova araka ny taha farany ambany (lalàna ifanarahana) na araka ny taha ankapobe arakaraky ny fiaviana na ny toerana fandefasana ny entana nafarana avy any ivelany na aondrana mankany ivelany.

Azo « *ankinina amin'ny sandany* » izy ireo, kajiana avy amin'ny isan-jaton'ny sandan'ny entana, na « *manokana* », raha toa ny tomban-ketra ka ny habetsahan'ny entana, ny lanja, ny hadiry na ny isa.

**2° Tsy misy.**

**Fa vakio hoe :**

**And. 2. - 1°** Amin'ny hoe « *haba amin'ny Faditseranana* », dia raisina ny sara izay natao hiarovana ny varotra sy ny indostria ary ny fambolena eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara ka ny tahan'izany dia mety hiovaova araka ny taha farany ambany (lalàna ifanarahana) na araka ny taha ankapobe arakaraky ny fiaviana na ny toerana fandefasana ny entana nafarana avy any ivelany na aondrana mankany ivelany.

Azo « *ankinina amin'ny sandany* » izy ireo, kajiana avy amin'ny isan-jaton'ny sandan'ny entana, na « *manokana* », raha toa ny tomban-ketra ka ny habetsahan'ny entana, ny lanja, ny hadiry na ny isa.

**2° Ny fomba fikajiana haba amin'ny Faditseranana dia voafaritry ny fitsipika.**

## **2. Ovaina toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andininy faha-241:**

**Antony:** Ho fanomezana satan' ny fanafahana habatseranana ho an'ny vokatry hamatsiana ny sambo natokana ho amin'ny fanjonoana an-dranomasina matihanina izay mety anaty fari-dranomasina iraisam-pirenena na anaty faritra ekonomika manokana.

### **Tsy hoe :**

**And. 241. - 2°** Tsy afaka misitraka ny satan' ny fanafahana amin'ny habantseranana voalaza ao amin'ny paragrafy etsy aloha raha tsy ny karazana sambo manaraka etoana izay voafaritra ho ampiasaina min'ny fifamoivoizana iraisam-pirenena :

- Ny sambo ara-barotra,
- Ny sambo natokana ho amin'ny fanjonoana an-dranomasina matihanina,
- Ny sambo ampiasaina amin'ny asa aman-draharaha ara-indostria,
- Ny sambo mitondra ireo manam-pahefana ara-panjakana.

**3° Fitsipika** no hamaritry ny andinindinin'ny entana voafaritry ny andininy faha-241 sy 246 anatin'ity fehezan-dàlana ity.

### **4° Tsy misy.**

### **Fa vakio hoe:**

**And. 241. - 2°** Tsy afaka misitraka ny satan' ny fanafahana amin'ny habantseranana voalaza ao amin'ny paragrafy etsy aloha raha tsy ny karazana sambo manaraka etoana izay voafaritra ho ampiasaina min'ny fifamoivoizana iraisam-pirenena:

- Ny sambo ara-barotra,
- Ny sambo ampiasaina amin'ny asa aman-draharaha ara-indostria,
- Ny sambo mitondra ireo manam-pahefana ara-panjakana.

**3° Afaka misitraka ny fanafahana amin'ny habantseranana ihany koa ny sambo natokana ho amin'ny fanjonoana an-dranomasina matihanina,**

**4°** Fitsipika no hamaritry ny andinindinin'ny entana voafaritry ny andininy faha-241 sy 246 anatin'ity fehezan-dàlana ity.

## **3. Ovaina toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andininy faha-267.2° :**

**Antony:** Ho fampidirana ny mikasika ny « fanagiazana tena izy sy fanagiazana sarintsariny » rehefa mahita fandikan-dalàna kanefa ny entana tokony hohazonina dia efa tsy hita intsony noho ny antony samihafa.

### **Tsy hoe :**

**And.267.- 1°** Ny fandikan-dalàna momba ny fadintseranana dia azon'ny mpiasan'ny fadintseranana na fandraharahana hafa zahana fototra ;

**2°** Ireo izay mizaha fototra ny fandikan-dalàna momba ny fadintseranana dia manan-jo hitazona ny zavatra rehetra mety iharan'ny famaboana, hitana ny taratasy fandefasan'entana ary ny tahirin-kevitra hafa

rehetra mikasika ireo zavatra notanana ireo sy hanao ny fitazonana ho fisorohana ny zavatra napetraka iantohana ny sazy.

**Fa vakio hoe :**

**And.267.- 1°** Ny fandikan-dalàna momba ny fadintseranana dia azon'ny mpiasan'ny fadintseranana na fandraharahana hafa zahana fototra.

**2°** Ireo izay mizaha fototra ny fandikan-dalàna momba ny fadintseranana dia manan-jo **hanao fanagiazana tena izy na fanagiazana sarintsariny** ny zavatra rehetra mety iharan'ny famaboana, hitana ny taratasy fandefasan'entana ary ny tahirin-kevitra hafa rehetra mikasika ireo zavatra notanana ireo sy hanao ny fitazonana ho fisorohana ny zavatra napetraka iantohana ny sazy.

**4. Ovaina toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andininy faha-336.1° :**

**Antony:** Mba hamaritana ny mpitsara mahefa momba ny famadihana ny fanagiazam-pananana ho lasa famaboana mikasika ny lavanty alohan ny fitsarana.

**Tsy hoe :**

**And. 336. - 1°** Raha misy ny fanagiazana ny entana misy hosoka, ny fomba nentina nanaronana ny hosoka ary ny fomba fitaterana, amin'ny alalan'ny fitanana an-tsoratra ny Faditseranana vita ara-dalàna, dia hatao ambany fitantanan'ny Sampandraharahan'ny Faditseranana alohan'ny didim-pitsarana, ny fivarotana ny zavatra nogiazana mba ho fikajiana ny habantseranana ary ny sazy ara-bola mety hihatra, aorian'ny fanodinana ny fanagiazana ho famaboana araka ny hitsivolana avy amin'ny mpitsara eo amin'ny toerana nanaovana ny fandikan-dalàna na araka ny fanapahana momba ny fifanakalozam-barotra, na amin'ny tsy maha eo na amin'ny maha eo ilay mpandika lalàna ka ny fombafomba arahina dia ho feran'ny fanapahana avy amin'ny Tale Jeneralin'ny Faditseranana.

**Fa vakio hoe :**

**And. 336. - 1°** Raha misy ny fanagiazana ny entana misy hosoka, ny fomba nentina nanaronana ny hosoka ary ny fomba fitaterana, amin'ny alalan'ny fitanana an-tsoratra ny Faditseranana vita ara-dalàna, dia hatao ambany fitantanan'ny Sampandraharahan'ny Faditseranana alohan'ny didim-pitsarana, ny fivarotana ny zavatra nogiazana mba ho fikajiana ny habantseranana ary ny sazy ara-bola mety hihatra, aorian'ny fanodinana ny fanagiazana ho famaboana araka ny hitsivolana avy amin'ny mpitsara eo amin'ny toerana nanaovana ny fandikan-dalàna **na eo amin'ny toerana nanaovana ny fitanana antsoratra ny fizahana fototra** na araka ny fanapahana momba ny fifanakalozam-barotra, na amin'ny tsy maha eo na amin'ny maha eo ilay mpandika lalàna ka ny fombafomba arahina dia ho feran'ny fanapahana avy amin'ny Tale Jeneralin'ny Faditseranana.

**5. Ovaina toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andininy faha-193.2° :**

**Antony:** Ho fanitsiana sy fanadiovana teny diso ara-materialy ao amin'ny andininy faha-193.2° noho ny andalana faha-5 amin'ny andininy 358 izay efa foana.

**Tsy hoe :**

**And. 193. - 1°** Afa-tsy fanomezan-dalana avy amin'ny Sampandraharahan'ny Faditseranana, ny entana nafarana tamin'ny alalan'ny sata fampidirana entana tsy maharitra dia tsy azo amidy mandritra ny fotoana ipetrahan'izany amin'io sata io.

**2°** Ny fanodinkodinana ireo entana misitraka ny fampidirana tsy maharitra any amin'ny toerana manokana andefasana azy dia iharan'ny fepetra voalazan'ny andininy **faha-358.5°** sy **370.4°** amin'ity Fehezan-dalàna ity.

**Fa vakio hoe :**

**And. 193. - 1°** Afa-tsy fanomezan-dalana avy amin'ny Sampandraharahan'ny Faditseranana, ny entana nafarana tamin'ny alalan'ny sata fampidirana entana tsy maharitra dia tsy azo amidy mandritra ny fotoana ipetrahan'izany amin'io sata io.

**2°** Ny fanodinkodinana ireo entana misitraka ny fampidirana tsy maharitra any amin'ny toerana manokana andefasana azy dia iharan'ny fepetra voalazan'ny andininy **faha-370.4°** amin'ity Fehezan-dalàna ity.

**B- MIKASIKA NY LAZAM-BIDY AMIN'NY FADITSERANANA:**

**1. Fanafahana haba amin'ny tataom-bidy amin'ny fanafarana "lait diététique pour l'alimentation des enfants conditionné pour la vente au détail" voasokajy ao amin'ny n°0402.10 10, n°0402.21 10 ary n°0402.29 10 :**

**Tsy hoe :**

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
<b>04.02</b>	<b>Lait et crème de lait, concentrés ou additionnés de sucre ou d'autres édulcorants.</b>				
0402.10	- En poudre, en granulés ou sous d'autres formes solides, d'une teneur en poids de matières grasses n'excédant pas 1,5 % :				
0402.10 10	- - - Lait diététique pour l'alimentation des enfants conditionné pour la vente au détail .....	kg	ex	20	ex
	- - - Autres :				
0402.10 91	- - - - Conditionnés en contenant de 25 kg et plus (1) .....	kg	5	20	
0402.10 99	- - - - Autres .....	kg	20	20	20
	- En poudre, en granulés ou sous d'autres formes solides, d'une teneur en poids de matières grasses excédant 1,5 % :				
0402.21	- - Sans addition de sucre ou d'autres édulcorants				
0402.21 10	- - - Lait diététique pour l'alimentation des enfants, conditionné pour la vente au détail .....	kg	ex	20	ex
0402.21 20	- - - Lait et crème de lait, conditionnés en contenant de 25 kg et plus (1) .....	kg	5	20	5
0402.21 90	- - - Autres .....	kg	20	20	20
0402.29	- - Autres :				
0402.29 10	- - - Lait diététique pour l'alimentation des enfants, conditionné pour la vente au détail .....	kg	ex	20	ex
0402.29 90	- - - Autres .....	kg	20	20	20
	- Autres :				
0402.91 00	- - Sans addition de sucre ou d'autres édulcorants .....	kg	20	20	20
0402.99 00	- - Autres .....	kg	20	20	20

**Fa vakio hoe :**

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
<b>04.02</b>	<b>Lait et crème de lait, concentrés ou additionnés de sucre ou d'autres édulcorants.</b>				
0402.10	- En poudre, en granulés ou sous d'autres formes solides, d'une teneur en poids de matières grasses n'excédant pas 1,5 % :				
<b>0402.10 10</b>	<b>--- Lait diététique pour l'alimentation des enfants conditionné pour la vente au détail .....</b>	<b>kg</b>	<b>ex</b>	<b>ex</b>	
	--- Autres :				
0402.10 91	---- Conditionnés en contenant de 25 kg et plus (1).....	kg	5	20	
0402.10 99	---- Autres	kg	20	20	20
	- En poudre, en granulés ou sous d'autres formes solides, d'une teneur en poids de matières grasses excédant 1,5 % :				
0402.21	-- Sans addition de sucre ou d'autres édulcorants				
<b>0402.21 10</b>	<b>--- Lait diététique pour l'alimentation des enfants, conditionné pour la vente au détail .....</b>	<b>kg</b>	<b>ex</b>	<b>ex</b>	
0402.21 20	--- Lait et crème de lait, conditionnés en contenant de 25 kg et plus (1) .....	kg	5	20	
0402.21 90	--- Autres .....	kg	20	20	20
0402.29	-- Autres :				
<b>0402.29 10</b>	<b>--- Lait diététique pour l'alimentation des enfants, conditionné pour la vente au détail .....</b>	<b>kg</b>	<b>ex</b>	<b>ex</b>	
0402.29 90	--- Autres .....	kg	20	20	20
	- Autres :				
0402.91 00	-- Sans addition de sucre ou d'autres édulcorants .....	kg	20	20	20
0402.99 00	-- Autres .....	kg	20	20	20

**2. Fanafahana ny habantseranana sy ny haba amin'ny tataom-bidy amin'ny fanafarana "aliments pour nourrissons et enfants en bas âge ao amin'ny zana-tsokajy n°1602.10 00 sy "compléments diététiques pour enfants" ao min'ny zana-tsokajy n°2106.90 50 :**

**Tsy hoe :**

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
<b>16.02</b>	<b>Autres préparations et conserves de viande, d'abats ou de sang.</b>				
1602.10 00	- Préparations homogénéisées .....	kg	20	20	20
1602.20 00	- De foies de tous animaux .....	kg	20	20	20
	- De volailles du n°01.05 :				
1602.31 00	-- De dinde .....	kg	20	20	20
1602.32 00	-- De volailles de l'espèce Gallus domesticus .....	kg	20	20	20
1602.39 00	-- Autres .....	kg	20	20	20
	- De l'espèce porcine.				
1602.41	-- Jambons et leurs morceaux				
1602.41 10	--- Faits à la main (1) .....	kg	20	20	20
1602.41 90	--- Autres .....	kg	20	20	20
1602.42 00	-- Epaulles et leurs morceaux .....	kg	20	20	20
1602.49	-- Autres, y compris les mélanges				
1602.49 10	--- Faits à la main (1) .....	kg	20	20	20
1602.49 90	--- Autres .....	kg	20	20	20
1602.50 00	- De l'espèce bovine .....	kg	20	20	20
1602.90 00	- Autres, y compris les préparations de sang de tous animaux	kg	20	20	20

**Fa vakio hoe :**

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
<b>16.02</b>	<b>Autres préparations et conserves de viande, d'abats ou de sang.</b>				
<b>1602.10 00</b>	<b>- Préparations homogénéisées.....</b>	<b>kg</b>	<b>ex</b>	<b>ex</b>	<b>ex</b>
1602.20 00	- De foies de tous animaux_	kg	20	20	20
	- De volailles du n°01.05 :				
1602.31 00	-- De dinde.....	kg	20	20	20
1602.32 00	-- De volailles de l'espèce Gallus domesticus.....	kg	20	20	20
1602.39 00	-- Autres_	kg	20	20	20
	- De l'espèce porcine.				
1602.41	-- Jambons et leurs morceaux				
1602.41 10	--- Faits à la main (1).....	kg	20	20	20
1602.41 90	--- Autres.....	kg	20	20	20
1602.42 00	-- Epauls et leurs morceaux_	kg	20	20	20
1602.49	-- Autres, y compris les mélanges				
1602.49 10	--- Faits à la main (1).....	kg	20	20	20
1602.49 90	--- Autres.....	kg	20	20	20
1602.50 00	- De l'espèce bovine.....	kg	20	20	20
1602.90 00	- Autres, y compris les préparations de sang de tous animaux.....	kg	20	20	20

**Tsy hoe :**

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
<b>21.06</b>	<b>Préparations alimentaires non dénommées ni comprises ailleurs.</b>				
2106.10 00	- Concentrats de protéines et substances protéiques texturées	kg	20	20	10
2106.90	- Autres :				
2106.90 10	--- Vanilline présentée sous forme de comprimés et en petites doses	kg	20	20	20
2106.90 20	--- Bonbons, gommes et produits similaires (pour diabétiques notamment) contenant des édulcorants synthétiques au lieu de sucre .....	kg	20	20	20
2106.90 30	--- Préparations concentrées pour boissons .....	kg	20	20	20
2106.90 40	--- Sirops de sucre aromatisés ou colorés .....	kg	20	20	20
2106.90 50	--- Compléments diététiques pour enfants .....	kg	20	20	20
2106.90 60	--- Lait de soja, dilué ou concentré, additionné ou non d'autres	kg	20	20	20
2106.90 70	--- Autres préparations alimentaires à base de soja (y compris les	kg	20	20	20
2106.90 90	--- Autres .....	kg	20	20	20

**Fa vakio hoe :**

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
<b>21.06</b>	<b>Préparations alimentaires non dénommées ni comprises ailleurs.</b>				
2106.10 00	- Concentrats de protéines et substances protéiques texturées	kg	20	20	10
2106.90	- Autres :				
2106.90 10	--- Vanilline présentée sous forme de comprimés et en petites doses	kg	20	20	20
